

Ahoana no hahatonga anao ho naman'ny vadinao

Michèle Brugnoli

Fisaorana

Isaorako mitafotafa ireo olona rehetra izay nandray anjara tamin'ny fananterahana ity asa soratra ity; tononina manokana amin'izany:

- * Nathalie Araujo izay nanokana fotoana hanampiana ahy hanao ny drafitry ny boky sy namaky azy in-droa.
- * Myriam Châtelain izay nampahery sy nanome fahazavan-tsaina ahy ny vavaka nataony.
- * Elisabeth Nussbaumer izay namaky sy nanitsy tamim-paharetana.
- * Jacqueline Schwerzmann izay nanome tolon-tsaina sarobidy tamin'ny fanazavana ara-teolojia feno fahamatorana nomeny.
- * Denise Yapoudjian, ilay rafozam-bavy sarobidy amiko, izy niasa tsy an-kiato nandritra ny roa herinandro nanitsy sy namerina nandrafitra fizarana maro amin'ity asa soratra ity.

Ny Tompo anie hitahy anareo tsirairay noho ny fandraisan'anjara sarobidy nataonareo.

Michèle Brugnoti

Ambangovangony

1. Mikatsaka fahasambarana
2. Mikatsaka ny tena hatsaran-tarehy
3. Mpanampy saha
4. Fitiavana mihoatra ny sakana
5. Mampivelatra ny maha-mpinamana
6. Karazana ankohonana efatra
7. Mikolokolo ny hazon'ny ankohonana
8. Afaka mba hanafaka
9. Ny famelan-keloka, fototra iorenan'ny tena maha-mpinamana

Sasin-teny

Manana tombontsoa manokana aho amin'ny maha-vadin'ny mpanoratra ity boky ity ahy! Raha afaka ny ho tonga ho "iray" ao anatin'ny fotoana fohy, eo amin'ny lafiny ara-nofy ny lehilahy iray sy vehivavy iray dia avy amin'ny maha-mpinamana miorina amin'ny safidy, voatohana, ary miha-mitombo ao anatin'ny fotoana ihany no hahatonga azy ireo ho "iray" am-po.

Matetika dia programa mangirifiry izany hoe tonga naman'ny vadin'ny tena izany, saingy kosa dia zavatra tena mahafinaritra hatrany. Ny firaisan-tetika ao anatin'ity maha-mpinamana tsy mitsahatra mitombo ity dia tena feno fifaliana, fahitana vaovao, fialofana ho an'ny fihetseham-pontsika izay Andriamanitra irery ihany no afaka maminavina azy. Maro ireo mpivady efa nivady nandritra ny fotoana ela no tena misy itovizany. Tsy nivadika ho lasa vongana hafahafa iray izy ireo; tsia, nijanona ho olona roa samy manana ny mampivavaka azy izy ireo, saingy ny fotoana lava naha mpinamana azy ireo, ny fifamenoan'izy ireo dia namorona tabilao manokana, tsy azo sarahina ary sambatra.

Mety ho tena sarotiny ity boky ity, indraindray toa miandany loatra amin'ny lahy...saingy manokatra ny masontsika amin'ny fahamarinana lehibe dia lehibe izy: mba hahatonga anao ho naman'ny vadinao dia tsy ampy ny fanekena azy ho vady. Amin'ny fandraisanao isan'andro ho toy ny vadinao ny fanambiny, ny adiny, ny fahombiazany, ny tetik'asany, ny fialamboliny, ny fitantanam-bolany no hampihanaka ny tsiron'ny fifankatiavana sy ny fofomanitry ny tena fitiavana.

Ny azoko ambara aminao dia izao: taorian'ny 20 taona teo anilan'i Michèle dia tsy nitsahatra nandray ahy ho vadiny izy. Nanaraka ahy tamin'ny fomba tsy voatanisa izy, tamin'ny dia feno risika, tamin'ny tetik'asa tsy fantatra izay hiafarany, tamin'ny andraikitra matetika tena mavesatra... Nihoarany ihany koa aho matetika, tamin'ny alalan'ny fahasahiana fakan-tahaka, tamin'ny alalan'ny vavaka feno fifikirana, tamin'ny alalan'ny fahalemam-panahy maha-te-hidera. Manatanteraka fanompoana amin'ny maha mpitory Filazantsara eo anivon'ny ankizy izay zary lasa nisongona ahy izy ankehitriny. Asaina tsy tapaka any am-pitan-dranomasina amin'ny maha-mpandaha-teny izy, izay tena mahafaly ahy tokoa.

Amin'ny alalan'ny teny tsotra no izaran'i Michèle aminao ny ampahany amin'ny harena miafiny. Tena marina izy ireo ary pratika, mirary anao hazoto hamaky ary indrindra mahereza amin'ny dia feno fanambin'ny maha-mpinamana.

Carlo Brugnoti

Fampidirana

Mihoatra ny telo taona no nanoratako ity boky ity. Nandritra ny niasako tany Afrika sy tany Eropa dia nandray ny fifampizaran'ny vehivavy izay matetika manana ratram-po aho. Nanana tombony manokana ihany koa aho nandre sy namaky fijoroana vavolombelon'ny fehivavy avy amin'ny tany miteny frantsay rehetra.

Tamin'ny fihainoana azy ireo dia nahita perla aho hambaboana ny fon'ny vadinay. Nampahery ahy hiaina ny finoako amin'ny fomba manafika kokoa ny zavatra niainan'izy ireo, ny mahery setra no handrombaka ny fanjakana...

Tany am-boalohany dia natokana ho an'ireo izay te-hambambo indray ny fon'ny vadiny ity boky ity. Satria ny tokantrano tsirairay dia mendrika hanaovana ady manokana ho fiarovana sy fanorenana azy. Avy eo, tamin'ny alalan'ny torohevitra nomen'ny vadiko dia nateveniko ity boky ity mba hanakaiky ireo izay tsy miaina korontana: ireo izay te-hampivelatra fifandraisana feno firindrana kokoa, akaiky kokoa, ary marina kokoa amin'ny vadiny.

Atolotro ireo vehivavy be herim-po sy sahy izay nampiorina ahy ny fijorana vavolombelony ity boky ity, satria tamin'ny fitiavany ny vadiny dia lasa tiana ihany koa izy ireo.

Fizarana voalohany

Mikatsaka fahasambarana

Voasarika tamina mpivady manodidina ny 40 taona eo ny fahalinako teo am-pivoahana ny fiangonana. Tao anatin'ny fotoana fohy dia hitako ny firaisan-tetika mahafaly teo amin'ny fijerin'izy ireo. Nanohina ahy mafy, amin'ny maha-tanora mbola mpitovo ahy ny fahasambaran'izy ireo: ahoana no mbola mahatonga azy ireo hifankatia toy izao taorian'izay taona maro izay? Raha mba fantatro mantsy ny tsiambaratelon'izy ireo, hoy aho anakampo, mba faniriako ny hiaina fiombonana tahaka ny azy ireo!

Ankehitriny, taorian'ny 20 taona nanambadiana dia tsapako fa tsy vitan'ny hoe azo atao fa zavatra tena mandeha ho azy izany hoe fifandraisana feno fientanam-po sy mihalalina hatrany hatrany izany. Indrisy fa ny sarimihetsika sy ny boky tsy manindrahindra afa tsy ny fandraikiraiken'ny fifandraisana ivelan'ny fanambadiana! Amin'izy ireo ny fanambadiana dia sady mampalahelo no matroka. Ny mifanohitra amin'izany anefa no marina!

Ny fiandohan'ny mpivady

Ny mpivady mifankatia dia mahafaly ny Mpahary, ny fitiavan'izy ireo dia fanehoana amin'ny fomba mahafinaritra ny sitrapony. Nanomboka tamin'ny fanambadiana ny tantaran'ny olombelona dia ny an'i Adama sy Eva ary miroso ho amin'ny fanambadiana hafa kely ny tantara dia ny fampakaram-badin'ny Zanak'Ondry.

Hatrany am-piandohana, izay rehetra nataon' Andriamanitra dia tonga lafatra avokoa. Saingy ny mahagaga, ny voaary izay nambara fa tsara amin'ny fitambaran'izy rehetra dia tsy ampy zavatra iray: *tsy tsara raha ireny ralehilahy!*¹ Fantatr'Andriamanitra fa nila olona afaka ny hahatsapa izay tsapany sy hitia azy Adama. Tamin'ny fahendrena feno fitiavana no nanampian'ny Mpahary hoe: “Hanaovako vady sahaza ho azy izy”²

Tsy niandry ela ny hetsika feno fahagagana avy amin'i Adama nanao hoe: “Ankehitriny dia taolana avy amin'ny taolako sy nofo avy amin'ny nofoko ity; ity dia hatao hoe vehivavy (Isha) satria lehilahy (Ish) no nanalana azy.”³ Nanomboka teo dia lasa vady malala tsy afa-misaraka aminy izy. Hifampizara ny fiainany sy hanohana azy amin'ny andraikiny.

Ny dikan-teny hafa dia mandika io lahatsoratra io hoe “mpanampy *sahaza azy*”. Amin'ny lahatsoratra hebreo dia toy izao no voasoratra: “*Ezer Kenegdo*”, izay midika hoe: “hevitra mifanohitra aminy”. Napetraka teo anilany izy mba hiara-mitady aminy ny tsara indrindra, indraindray dia mila mameno izay tsy ampy amin'ny fisaintsainany izy amin'ny fanomezana azy *feon-dakolosy hafa*: “Ny vy maharanitra ny vy, toy izany, ny olona maharanitra ny tarehin'ny sakaizany.”⁴ Nisy mpanao hevi-teny iray namelabelatra io hevitra io amin'ny endrika poezy: “hevitra mifanohitra, akaikin'ny fitempon'ny fony.” Amin'ny alalan'izany fifanatrehana izany no hanampiany azy hananteraka ny iraka ampanaovina azy, amin'ny fanomezany azy hevitra mifameno, izay mety mifanohitra matetika.

Ho an'ny fisainan'ny Mpahary, ny fanambadiana dia mihoatra lavitra noho ny fanatambarana, ny fanambadiana dia fampitomboana hery: “« Hataon'ny irery ahoana no fanenjika ny arivo, ary hataon'ny roa lahy ahoana no fampandositra ny iray alina. »”⁵ Tahaka ny nilazan'ilay teolojiana iray atao hoe Honoré N'Gbanda tamin'ny fomba tsara ao amin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe “*Dieu et la femme: manafo hoe: 'amin'ireo mpinamana roa ireo no nanankinan'Andriamanitra ny fitantanana ny planeta*”:⁶ “Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy”⁶ Ho an'ny Mpahary dia rehefa fenoin'ny vadiny ny lehilahy dia mahita ny anto-pisiany.

¹ Genesisy 2.18a

² Genesisy 2.18b

³ Genesisy 2.23

⁴ Ohabolana 27.17

⁵ Deotoronomia 32:30

⁶ Genesisy 1.28

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia manana heviny ara-panahy ity baiko hitantana ny fimbaram-ben'ny planeta ity: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra...sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo"⁷ Maneho tsara izany ny tokantranon'i Prisila sy Akoila. Nampivelatra ny asa fanompoan'i Apolosy, ilay mpitoriteny mitety tanana izy ireo tamin'ny *fampianarana azy marimarina kokoa ny amin'ny lalan'Andriamanitra*.⁸ Taty aoriana dia nitondra fiatraikany tany amin'ny faritany Grika⁹ manontolo izy. Nikarakara an'i Paoly Apostoly ihany koa izy mivady ireto tamin'izy nipetraka tao an-tokantranony¹⁰. Niara-dalana taminy tany amin'ny dia misionera nataony tany Syria izy ireo, avy eo tany Azia Minora. Samy nanana ny zara asany sady nifameno izy roa.

Tafihana mafy mihitsy ity fifamenoana eo anivon'ny mpivady ity ankehitriny, vitsy dia vitsy ny mihevitra ny baikon'Andriamanitra mahakasika ny fiombonany. Rehefa mijery ny manodina dia tena tohina ny fo mahita fa maro ny mpivady no tsy mifanaran-tsaina intsony ary dia misaraka afaka taona vitsivitsy. Mahatratra hatramin'ny mpivady kristiana ny onjan'ny fisaraham-panambadiana, toa isalasalana mihitsy aza ny fahamarinam-pototry ny fanambadiana. Fa nahoana no rava ireo tokantrano maro raha Andriamanitra no nahary azy?

Ny olan'ny mpivady

Tany am-piadhana dia tsy nisy tsy fifanarahana teo amin'ny lahy sy ny vavy. Fa nahoana no zary lasa fitrandrahana sy fanandevozana ho an'ny andaniny, fiarovan-tena, valifaty ary fikomiana ho an'ny ankilany ity fikambanana ity?

Ho famaliana izany fanontaniana mampahory izany dia mamaly ilay teolojiana voalaza tetsy aloha: "Teraka io ady io rehefa niditra an-tsehatra ny mpaka fanahy (...) Satana tsy mba sondrian-tory tahaka an'i Adama raha nirotsaka an-tsehatra namorona ny vehivavy izy. Haingana no nitsofohany tao amin'ny fifandraisana nataon' Andriamanitra hampiraisana ny lehilahy amin'ny vadiny. Tsara lavitra noho ny an'ny hafa rehetra ny fahatakarany fa ny fanohanana, ny hery ara-panahin'ny lehilahy dia mitoetra ao amin'ny vadiny. Fantany fa raha alavony ravehivavy dia hianjera toy ny voankazo masaka ralehilahy...ary marina ny fijeriny."

Namafy fikorontanana tao am-pon'i Eva ny mpaka fanahy tamin'ny filazana fa kahihitra, saropiaro, tsy manam-pitiavana Andriamanitra ka tsy te-hanome azy ireo harena sarobidy. "Tamin'ny famadihana ny lamina napetrak'Andriamanitra dia nasehony ho toy ny famerana feno haratsiam-panahy ny fandrarana nataon' Andriamanitra. Tsy ny Tenin'Andriamanitra loatra no tiany hampisy fisalasalana fa ny hatsarany."¹¹ Sendra ny sofina liana azy izany fitaka izany tao amin'ny vehivavy izay mora voakasika kokoa noho ny fisian'ny lafiny fihetseham-po tao amin'ilay resaka.

Novain'ny sosokevitra mahakasika ny amin'ny hasarotam-piaron'Andriamanitra ny fanamarinana nomen'i Eva. Ho an'i Adama kosa dia resy lahatry ny tolo-kevitra ny vadiny ny sainy. Nihaino ny feon'ny vadiny izy.¹²

Nanomboka teo dia nisosoka teo amin'ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy ny fifamaliana, tsy rariny, krizy ary fahoriana. Toy izao no filazan'ny mpano hevi-teny antsoina hoe J. Scott: "Noho ny fahalavoana dia voaloto ny zava-misy tany am-piadhana. Tany am-boalohany, ny lahy no loha izay ampiana sy tohanan'ny vavy amin'ny fomba feno fanajana, ankehitriny dia manjakazaka amin'ny vadiny izy. Ny hazo fijaliana izay nitondran'i Kristy ny vesatry ny otan'ny olombelona irery ihany no vahaolana amin'ny fandravan'ny fahalavoana."

⁷ Matio 28.19-20

⁸ Asan'ny Apostoly 18.26

⁹ Asan'ny Apostoly 18.27-28

¹⁰ Asan'ny Apostoly 18.3

¹¹ Notsoahina avy amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe "*La grâce d'être une femme*" nosoratan'i Genevieve Blaquièrre.

¹² Genesisy 3.17

Ny fanarenana ny mpivady

N'Gbanbo dia mbola manamarika fa: “Tsy eo ambany fanapahan'ny fanamelohana intsony isika. Tonga hamerina amin'ny laoniny ny firindrana tapaka teo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy Jesosy Kristy. Tonga izy hanafaka sy hanarina ny vehivavy ho amin'ny zony tany am-piandohana (...) Amin'ny fanadihadiana ny Soratra Masina mba hahalalana ny anton'ny fiainana dia hohitan'ny vehivavy fa fanomezana avy amin'ny fitiavan' Andriamanitra ho an'ny lehilahy izy.”

Amin'ny lalana rehetra izorany dia hahay hanome aingam-panahy azy ny vehivavy, hampahery azy mba tsy halavon'ny mpanohitra. Ny vehivavy kosa hanao izay hampivelarana ilay tena hery miafiny amin'ny fiarovana azy amin'ny fanafihana avy eo ivelany. Samy hanana ny hery hidirana ao amin'ny planin'Andriamanitra ho an'ny olombelona izy ireo noho izany.

Fizarana faharoa

Mikatsaka ny tena hatsaran-tarehy

Mitia sy tiana, iza moa no tsy mba manonofy fikambanana toy izany. Manome antsika fanalahidy hahatongavana amin'izany ny Baiboly. Ao amin'ny bokin'i Estera dia ahitantsika tantarana zatovo vavy iray izay nahavita namboly fifandraisana tamina lehilahy tena sarotra ifandraisana. Vahiny amin'ny fitsipiky ny Baiboly ity farany satria niaina tao anatin'ny fampirafesana eken'ny lalana. Nisafidy ny hitia azy izy, ahoana no nahavitany izany zava-tsarotra izany?

Nanomboka tamin'ny fety manetriketrika nokarakarain'ny mpanjaka Aserosy –ilay ho vadiny- ny tantara, andriamanjakan'ny ampira lehibe izay nivelatra hatrany Inde ka hatrany Etiopia izy. Ho fampisehoana ny hakanton'ny fanjakany dia nanasa ny tao amin'ny renivohitra rehetra izy ho amin'ny fety maharitra fito andro. Rehefa nakotrokotroka ny fety ary nikarakara ny divay dia nitsiry ny heviny: hiantso ny mpanjaka vavy, Vasti mba hankafizan'ny olona nasaina ny hatsaran-tarehiny. Moa tsy voninahitry ny lehilahy va ny vehivavy?¹³

Saingy zavatra tsy azo eritreretina mihitsy ao anatin'ny fisehoan-javatra toy izany no niseho, ny mpanjaka vavy, izay mety tsy nahazo an-tsaina ny harefon'ny toerany kosa dia nihaika ny fahefampanjakana ka nandà tsy hamaly ny fanasany. Teha-maina imasom-bahoaka ho an'ilay manana fahefana ny hamelona sy hamono ny olona eo ambany fanapahany izany. Tao anaty fahatafintohinana mafy no niantsoany ireo olon-kedriny mba hiady hevitra ny amin'izay fihetsika tokony hatao. Nampahafantatra ny mpanjaka izy ireo fa mety hitondra fiatraikany amin'ny vehivavy rehetra ao amin'ny fanjakana ity fisehoan-javatra ity. Mety hanomboka hanao tsinontsinona ny vadiny hatramin'ny tsy fankatoavana miharihary toy izay nataon'ny mpanjaka vavy izy ireo. Tsy nifaditrovana ny sazy: nisaorana i Vasti.

Fotoana fohy taty aoriana dia nangonina tao amin'ny toeram-piarovana ny tanana tao Soza ireo zatovovavy tsara tarehy indrindra mba hifidianan'ny mpanjaka izay ho mpanjakavavy vaovao. Tamin'izay indrindra no naha tao amin'ny lapam-panjakana an'i Estera niaraka tamin'ireo vehivavy tsara tarehy indrindra tao amin'ny fanjakana. Fa iza moa izy? Jiosy, kamboty, natsangan'i Mordekay zanaky ny iray tampo amin'ny ray aman-dreniny. Marina fa tsy nitsanga-menatra izy noho ny famirapiratan'ny fahatanorany, saingy araka izay mbola ho hita dia nanana hatsarana anaty mahagaga loatra izy, dia ilay fahatsarana ao am-po.

Ny fahatsarana dia avy ao anaty

Ireo izay heverina ho tena olo-malaza dia miha-antitra ary miha-malazo, saingy ny mpivady izay mikolokolo “toetra miafina ao am-po, dia ny fanahy malemy sady miadana”¹⁴ dia hitahiry ao anatin'ny famirapiratan'ny izay hitoetra hatrany. Ny fanatrehan'ny Tompo no loharanon'izany.

Ny fahatokian'i Estera an'Andriamanitra dia efa niseho tamin'ny antsipirihany rehetra mahakasika ny fiainany. Rehefa nandeha izy dia noraran'i Mordekay tsy hampahafantatra ny foko nihaviany. Tsy niezaka nanontany ny antony tamin'ny fametrahana fanontanina tsy misy farany nanao hoe “fa maninona...?” izy. Nankato izy na dia tsy azony aza ny antony rehetra mahakasika ilay fandrarana. Nino izy fa hahasoa azy no antony nanomezana ilay toromarika; tian'ilay dadatoany toy ny zanany naterany izy ary nanana traikefam-piainana lava kokoa izy noho ny tenany. Napetraka teo ambany fikarakaran'i Hegay, tsindranolahin'ny mpanjaka izy tao an-dapa. Zary lasa tsy azo iainana ny atmôsfera tao amin'ity trano ity noho ny fitaintainana, fifamaliana ary fialonana. Estera kosa tsy nitaky n'inon'inona, fahalempanahy sy fiadanana no namirapiratra teo aminy. Nahafaly loatra an'i Hegay izany ka nomeny azy ny efitra tsara indrindra tao amin'ilay toerana natokana ho an'ny vehivavy. Nomeny azy ihany koa izay rehetra nilainy ho amin'ny fikarakarana ny hatsaran-tarehiny ary nomeny mpanompovavy fito voasafidy manokana ihany koa izy.

¹³ 1 Korintina 11.17

¹⁴ 1 Petera 3.4

Ny hatsaran-tarehy sy ny fahendrena

Rehefa feno ny herin-taona ka tonga amin'izay ny anjarany hiseho eo anatrehan'ny mpanjaka dia nomena fahafahana hangataka izay rehetra ilainy izy araka ny arofenitra: akanjo, ranomanitra, firavaka, azony ampiasaina avokoa ny zavatra rehetra! Tolotra tsy mampino izay nofinofisin'ny vehivavy maro. Ny nahagaga dia tsy nandray afats'izay nanoroan'i Hegay hevitra azy Estera. Fa nahoana? Satria tsy ho an'ny tenany no hanaovany metimety, tsy ho an'ny fahafaham-pon'ny tenany manokana, fa ho an'ily izay mety ho lasa vadiny. Nijanona ho malefaka sy tsotsotra izy na dia teo amin'ny akanjony aza. Rehefa voafidy sy voakarakara izy dia tsy nampisavoritaka ny lohany intsony ny fiatrehana ny alina mialoha ny hihaonany amin'ny mpanjaka. Tsy feno avonavona ny fony. Ny hany reherehany dia ny hitia sy hanompo. Na dia tsy azony an-tsaina aza dia naneho hakingana toy ireny efa tena mahay ireny izy; iza tokoa moa no afaka hahalala mihoatra an'i Hegay ny amin'izay mambabo sy izay halan'ny mpanjaka?

Tamin'ny hatsaram-panahiny sy ny toetrany misokatra sy feno fahendrena dia nahasarika ny fitiavan'ireo izay rehetra nihaona taminy izy. Rehefa niseho teo anatrehan'ny mpanjaka izy dia voalaza fa "tian'ny mpanjaka mihoatra noho ny vehivavy rehetra Estera, ka nahita fitia sy sitraka teo imasony mihoatra noho ny virijina rehetra izy, ka dia nosatrohany ny satroboninahitry ny fanjakana izy ka nampanjakainy hisolo an'i Vasty... nanao fanasana lehibe ho an'ny mpanapaka rehetra sy ny mpanompony izy dia ilay fanasan'i Estera izany; Ary nanendry andro fifaliana ho an'ny fanjakana rehetra isan-tokony izy sady nanome zavatra araka ny fanomen'ny mpanjaka."¹⁵

Fony aho zatovo vavy dia nametraka izao fanontaniana izao tamin'ny mpitandrina iray aho: "Afaka manosotra zavatra amin'ny tarehiny ve ny vehivavy kristiana?" Nampieritreritra ahy ny valin-teniny: "Tsy natao hanao tsinontsinona velively ny fitafiany ny vehivavy kristiana. Raha miasa ao amin'ny tontolo iray ohatra izy ka mihaingo sy manosotra zavatra amin'ny tarehiny avokoa ny mpiara-miasa aminy rehetra dia hanana fijoroana vavolombelona ratsy izy amin'ny fisehoana mifanohitra amin'ny tontolo misy azy. Toy izany koa ny vehivavy kristiana izay manosotra zavatra diso tafahoatra amin'ny tarehiny nefa ao amin'ny sehatra tsotsotra no misy azy."

Raha ny hanao izay hahafaly ny Tompo no hery manosika antsika, raha ny ho vavolombelony any amin'ny toerana nametrahany antsika dia haneho endrika sy fitafy mifanaraka amin'ny maha-zanakavavin'ny fanjakana antsika isika. Mitaky fampanginana ny fitiavantsika manokana izany, ireo fitafiana izay maneho ny maha-izy antsika, ny fomba fahitantsika ny tenantsika. Hatramin'ny nanambadiako dia akanjo mihaja miaraka amin'ny loko miavaka kokoa no fitondrako. Amin'ny maha vehivavy sarokenatra ahy dia nila fotoana lava aho vao zatra! Nifanindran-dalana tamin'izay dia nanarina ahy ny Tompo mba hinoako ny lanjako manokana. Nitondra fiatraikany teo amin'ny taovolo koa ny safidin'ny vadiko satria izy tia kokoa ny volo lava (izay tsy mahafaly ny mpanao volo rehetra!) "fa izay manam-bady kosa dia mitandrina ny an'izao fiainana izao mba hahafaly ny lahy"¹⁶ Raha ny paozy tranainy no tiany, araho am-pireharehana izany; raha ny fiovana kosa no safidiny dia manàna fahalina amin'ny zava-baovao. Hanome fifaliana ho azy ianao ary hikolokolo ilay fikambanana izay hahatonga anareo ho mpivady miavaka!

Hatsaran-tarehy sa fandangolangoana?

Mila ekena fa tena tery ny lalana, ny fahendrena avy any ambony ihany no ahafahantsika manome fahafaham-po ny vadintsika, nefa koa tsy ho lasa fakam-panahy ho an'ny lehilahy hafa. Nanana tombontsoa manokana aho nihaona tamin'ily voafidy ho mpanjakavavin'ny hatsaran-tarehy tany Bukavu any Congo Démocratique. Nazavainy taminay fa amin'ny maha-vadina mpiasam-panjakana izay nanana fahafahana nandeha tany Paris matetika azy dia mora taminy ny nividy jipo fohy, patoloha manara-batana vita amin'ny hoditra na lobaka tantera-pahazavana. Taorian'ny fiovam-pony dia nitohy niakanjo nanaraka ny lamaody farany izy mandra-pahatongan'ny andro izay nanaovany topimaso ny fitoeran'akanjony tamin'ny fijerin'ny Tompo. Natsahany noho izany ireo akanjo tsy mendrika maromaro. Aza matahotra ianareo fa mbola nitoetra ho modelin'ny hatsarana ihany izy, mampifanaraka ny loko sy

¹⁵ Estera 2.17-18

¹⁶ 1 Korintiana 7.31

ny halava izay manome lanja azy. Fa nanao ahoana kosa ny fihetsiky ny vadiny izay tsy kristiana? Toy ny nisy enta-mavesatra lehibe niala taminy! « Natahotra aho sao hisy mpanangoly haka an-keriny anao amin'ny farany noho ny fomba fiakanjonao » hoy izy taminy.

Mba hahalalana ny fomba fiakanjontsika eo amin'ny tontolo arak'asa na any an-drenivohitra dia manoro hevitra antsika ity mpitondra teny iray ny tsy hananana paozy roa: iray fitondra any am-piangonana ary ny iray fitondra mandeha, fa kosa hametraka izao fanontaniana izao: « Mahazo aina ve aho raha mitondra ity akanjo ity any am-piangonana ? » Na dia tsy raisina ho toy ny tompon'ny teny farany aza dia mety hanampy antsika izany fanamarinana izany.

Ny hatsaran-tarehy dia fahalalana fa tiana

Nandritra ny taom-piomanany dia teo am-pelan-tanan'i Estera avokoa ireo vokatry fanatsarana tarehy sy ranomanitra malaza. Ranomanitra sy menaka fanosotra maro! Moa tsy efa niteny Petera fa ny tena firavahana dia toetra miafina ao am-po? Tena marina fa ny fahatsarana ao anaty dia laharam-pahamehana, saingy amin'ny zavatra rehetra dia ilaina ihany koa ny fahaizana mandanjalanja. Ambaran'ny Soratra Masina fa ny tenantsika dia fanomezan'Andriamanitra. Tiana isika! Raha Mampianatra sy Tompon'ny fiainantsika Kristy, ary ny tenantsika kosa tempolin'ny Fanahy Masina dia aza menatra ny amin'ny tenantsika! Ny fikarakarana ny tenantsika dia tafiditra ho isan'ny fitantanana am-pahendrena izay takian'Andriamanitra: "Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an'i Kristy amin'ny fiangonana."¹⁷ Koa satria isika zanaka vavin'ny mpanjaka, zanaky ny Mpanjakan'ny mpanjaka, dia manana adidy isika ny hihevitra ny fisehoantsika ivelany: Ny nifintsika toy ny perla, ny volo toy ny voninahitra, ny endrika toy ny an'ny ambasadaoro. Ny fanaovana tsinontsinona ny tenantsika dia tsy manome voninahitra Azy, fa mitarika ny tsy mino kosa hanaratsy Azy, amin'ny fiampangana azy ho manery ny zanany hanana fomba fiaina tsy zarizary.

Ekena fa tsy misy afaka manova ny lokon'ny masonry, ekeo tsotra fotsiny. Saingy amin'ny sehatra hafa dia mila mandray ny andraikitsika isika: ny fahadiovantsika, ny endritsika, ny fisehoantsika ivelany. Azon'ny Tompo atao ny manampy antsika hitrandraka araka izay azo atao izay nomeny hotantanintsika. Ho famaliana ny vavaka ataontsika dia azony atao ny mandefa namana hanoro hevitra antsika ny amin'ny loko izay manome lanja antsika na hanampy antsika hanamboatra ny volontsika izay tena mahakivy antsika mihitsy! Azon'Andriamanitra atao ny manampy antsika "*hanaiky izay tsy azo ovana, hanova izay mila ovana ary... hanana fahendrena mba hampisy fahasamihafana amin'izy roa ireo!*"

Saingy, moa mba tena tia ny tenantsika ve isika? Isaorantsika an'Andriamanitra ve ny toe-batantsika, ny tenantsika? Rehefa mijery ireny gazety boky mahakasika lamaody ireny isika dia toa mahita ny tenantsika ho lehibe loatra, kely loatra, mahita loatra na nofosana loatra... Mety heverintsika ho lehibe loatra ny orontsika, ny tratrantsika toa manify na midongona loatra, ny tongontsika lehibe loatra na lava loatra. Tsy tambo isaina ireo toetoetra izay manelingelina antsika! Fijery feno fitsikerana dia mety hitondra ho amin'ny fampitahana mampietry. Ny fampitahana dia tena mpanolotsaina ratsy, manimba antsika izy amin'ny fanandratana na fanetrena antsika amin'ny fomba feno fanararaotana, na ihany koa amin'ny famporisihana ho amin'ny fakan-tahaka fa tsy ho amin'ny fahaizana mamorona. Ilay maherifon'ny Tononkiran'i Solomona izay maneho ny tsirairay amintsika dia mandray ity fanambarana mahafinaritra avy amin'ny Malalany ity: "Indro, tsara tarehy ianao, ry tompokovavy havako; Indro, tsara tarehy ianao!" Ho an'ny Tompo, ny tsirairay avy amintsika dia manana lanja tsy manam-paharoa: "Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao."¹⁸

Nanahy ny hijanona ho mpitovo ity zatovo vavy iray, somary vavetivety. Na teo aza ny fanahiany dia nanapakevitra izy ny hametraka ny fahatokiany amin'ilay nanambara hoe: "Fa izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany."¹⁹ Tao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra, ny fiankohofana ary ny fihainoana ny teniny dia nanaiky ny habeny izy. Vokany dia nanapakevitra izy ny tsy hanambady izay

¹⁷ Efesiana 5.29

¹⁸ Jeremia 31.3

¹⁹ Jeremia 29.11

tonga voalohany fa amin'izay tena manana ny toetran'ny vady tsara. Vehivavy mahafatifaty, mahay mandanjalanja izy ary manambady lehilahy mahafinaritra, manana tokantrano mirindra ary zanaka lahy maha-te ho tia efa lehibe. Nanaiky ny habeny ny manodidina azy satria izy tenany nanaiky azy.²⁰

Ny fanekena ny tena dia fototra tsy azo ialana hiainana ny maha-namana eo anivon'ny tokantrano. Ny Baiboly dia manasa antsika hitia ny hafa *tahaka ny tenantsika*. Raha tsy tiana ny tena, ahoana no hinoana fa hitia antsika ny vadintsika? Mitarika ny fiainana maha-namana ho toy hevitra-dravina fotsiny izany kilema izany. Hanontona ny herintsika rehetra isika ny hahazo toky avy amin'ny vadintsika fa tiana isika saingy tsy mety tena tratra mihitsy izany tanjona izany. Hany ka sorena lava isika: Azo antoka ny tsy fahombiazana raha any amin'ny voaary voafetra sy tsy tanteraka no mitady zavatra izay ilay Mpahary irery ihany no afaka manome azy. Tsy misy vady, na dia mahafinaritra tahaka ny inona aza izy afaka hanome fahafahampo amin'ny fahafenoana ny hetaheta tsy hay vonoina ny ho fantatra sy hekena.

Hanampiana anao hahatakatra io fahamarinana io, L. Payne izay nanoratra boky maro mahakasika ny fahasitranana anaty dia mampahery antsika hitahiry an-tsoratra ny vavaka atao. Azontsika raiketina an-tsoratra ihany koa ireo fisainana miiba izay kolokolointsika mangina mahakasika antsika. Ny fanoratana azy ireny dia ahafahana mampifanatrika azy amin'ny fahazavan'ny Teny.

Ho hitantsika ao amin'ny Soratra Masina fa andiny maro no mamaly ny fanontaniantsika manokana manoloana ilay fomba fitentsika hoe "tsy misy ilàna ahy" na "tsy vitako". Manoloana ireny fisainana maneho fihambaniana ireny dia mariho ny teny fikasan'ny Baiboly izay milaza fa "fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao dia nofidian'Andriamanitra isika ao amin'i Kristy."²¹ "Malala eo imasoko ianao, eny, be voninahitra ianao sady tiako,... Aza mahatahotra, fa momba anao Aho."²²

Saintsaino ireo teny ireo. Raiso ho toy ny hafatra manokana ho anao, ambarao mba hahatonga azy ho fiainana ho anao. "Ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo"²³

Niaiky ny fahotany lasa ity zatovo vavy iray vao niova fo; nahatsiaro tena ho maloto, fadiranovana, tsy mendrika ny fitiavan'Andriamanitra izy. Ao anatiny ao dia mihevitra ny tenany ho olona efa nilaozan'ny toetr'andro izy! Nanoloana izany dia nandray teny faminaniana miantomboka amin'ny teny hoe "*zanako!*" izy. Izany teny faran'izay tsotra nefa tena nanan-danja izany no naneho taminy ny fitiavan'ny Tompony azy ary namafa tao anatin'ny in-dray mipimaso ireo fiteny manozona izay zary toy ny fitafiany hatreto.

Hatsaran-tarehy vita fanarenana

Ny fisainana miiba sasantsasany dia avy amin'ny teny mandratra izay nitsatoka tao am-pontsika. Mila ongotana sy soloina amin'izay maneho ny laharantsika amin'ny maha-mpanjaka vavy tiana sy nofidiana ireny zana-tsipika misy poizina ireny. "Raha irin'ny mpanjaka ny hatsaran-tarehin'ny - fa izy no tomponao - dia miankohofa eo anatrehan'ny."²⁴

Raha mibanjina ny Ray isika sady mamela ny helok'ireo izay nanao ratsy tamintsika dia hasehony amintsika ny hatsarana izay hitany ao amintsika. Fantany hoe nahoana no toy izao no namoronany antsika fa tsy hafa. Ity tantara kely ity dia maneho izany fisainana izany. Nivavaka tamin'Andriamanitra ity ankizy iray ny mba hanomezana azy maso miloko manga. Tsy nisy zavatra niova anefa na dia teo aza ny hafanam-pony tamin'ny vavaka nataony! Rehefa lehibe izy dia lasa misionera tany Indes. Rehefa teo anivon'ny mponina nanana maso miloko manja izy dia nisaotra an'Andriamanitra noho ny nanaovany azy ho toy izany. Tena fifaliana ho azy ny fitoviany tamin'ilay fireneny vaovao.

²⁰ Nalaina tao amin'ny boky nosoratan'i L. Payen mitondra ny lohateny hoe «L'âme, cette oubliée » Edisiona Raphaël ity fijoroana vavolombelona ity.

²¹ Efesiana 1.4a

²² Isaia 43.4a, 5a

²³ Jaona 8.32

²⁴ Salamo 45.12

Ny fijerintsika, ny feontsika, ny fomba famindrantsika na ny fitsikintsika fotsiny aza dia fanomezana manokana avy amin'Andriamanitra. Ny fahalalana izany dia hampitsiry fankasitrahana ary hampivelatra ny tena hatsaran-tarehy.

Fizarana fahatelo

Vady saha

Saha fa tsy famafana tongotra

Ny fanohanana ny vady sy ny fanekena azy ho lohan'ny ankohonana tsy midika mihitsy ho fitondrana tena ho toy ny "lamba famafana tongotra"! Ny mifanohitra amin'izany aza satria mitaky hakingan-tsaina, hery ary fifehezan-tena izany. Ny fandikana vilana ny toerana maha-mpanampy dia mety hitarika ny vehivavy hikomy na ho tsy rotoetra na amin'inona na amin'inona. Noho ny tsy maha eo amin'ny toeran'ny mpitarika azy dia metetika manao tsinontsinona ny tenany sy tsy mandray andraikitra ny vehivavy. Amin'ny fahadisoan-kevitra no hiheverany fa ny fanomezana tsara indrindra azony omena ny vadiny dia ny manao izay tsy hahitana azy mihitsy. Tsy misy ifandraisany amin'ny planin'Andriamanitra velively izany fihetsika izany. Izy tsy niteny, tahaka izay mety heverin'ny maro hoe: "Hanaovako vady **ambany** izy" fa "**saha** azy".

Nambara tao Goltota izay nandatsahana ra mitovy ho famelana heloka sy ho fiainana mandrakizay ho an' ny lehilahy sy ho an'ny vehivavy io fitoviana io. Tsindrian'i Petera apostoly fa: ny mpivady dia "mpiara-mandova fahasoavana"²⁵ ary noho io titra io dia tokony hajain'ny vadiny ny vehivavy.

Ao amin'ny planin'Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy dia nomena hery samihafa sy mifameno ary samy manana ny anjara asany avy. Samy tian'Andriamanitra amin'ny fitiavana mahery vaika izy ireo na dia nomeny andraikitra samihafa aza. Mba hahafahan'ny vehivavy maka ny toerany dia mila fantany fa ny andraikiny dia *tsy azo ialana* ho fahombiazan'ny tokenrano. Mifanohitra tanteraka amin'ny andraikitra madinika izay nanidiana azy izany.

Teolojiana iray antsoina hoe Alfred Kuen, ao amin'ny boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe "*La femme dans l'Eglise*" dia milaza fa tsy azo eritreretina ny hiheverana fa ambany noho ny lehilahy ny vehivavy satria nohariana ho mpanampy saha izy²⁶ (Ezer amin'ny teny hebreo). Ho fanindriana izany, ity teny hoe "ezer" ity dia ampiasaina rehefa tonga mamonjy ny Israely Andriamanitra: tsy misy resaka fihambaniana mihitsy ao anatin'izany. Ho fanampin'izany dia misy teny hebreo 4 hafa ahitana ny hevitra ny fanekena izay nadika hoe mpanampy. Saingy rehefa Andriamanitra no miditra an-tsehatra manampy ny olona dia tsy ny hanome azy tolo-tanana kely fotsiny fa ny hahatonga azy ho afaka hanatanteraka amin'ny fomba tsaratsara kokoa hatrany ny planiny:

- *Afahany* izy (Eksodosy 18.4)
- Ny *tanany mahery no hiadiany* amin'ny fahavalony (Deutoronomia 33.7) ary *amonjeny* azy (and. 27, 29).
- Toy ny *ampinga* no *iarovany* azy (Salamo 33.20).

Ireo andininy rehetra ireo dia mampiasa ny teny *Ezer* ho fanehoana ny andraikitra raisin'Andriamanitra. Mpanampintsika Izy satria Izy no manome antsika aingam-panahy, manolontsaina, ary mampivelatra antsika amin'ny sehatra rehetra mahakasika ny maha izy antsika! Toy izany no andraisan'ny vehivavy ny iraka ampanaovina azy manoloana ny vadiny. "Tsy mpanampy eo ambany fanapahana izay mameno ny lehilahy amin'ny fanampiana sira in-drainy mitsongo". Fa kosa natsoina ho olona tandrify mitovy laharana, tsy misy tombo sy hala, "mitovy" na dia samy hafa aza. Afaka ny ho mpanampy tandrify amin'ny sehatra rehetra mahakasika ny fiainana sy ny fanompoan'ny mpivady izy amin'ny fanomezana hevitra hafa."²⁷

Tsy tokony ampitovizina ny tsy fifanarahana sy ny fifandirana!

Tamin'ny fotoana voalohany namakiako ny vitan-dratsy nahazo ny mpanjaka vavy Vasti, nisaorana tampoka dia tampoka, dia nakomboko ny Baiboliko. Niombom-po tanteraka tamin'ity vehivavy

²⁵ 1 Petera 3.7

²⁶ Genesisy 2.18

²⁷ Fitanisana avy amin'ny boky "*La femme dans l'Eglise*" nosoratan'i Alfred Kuen (edisiona Farela), nahazoana alalana tamin'ny mpanoratra.

mampahonena izay namoy ny zavatra rehetra ity aho noho izy nanda tsy hiseho eo imason'ny lehilahy izay mety efa nisotro zava-pisotro maha-mamo diso tafahoatra. Tsia ho aho, efa nilaozan'ny toetr'andro ny lahatsoratra ao amin'ny Fanekena Taloha, manomboka izao dia hifantoka amin'ny Testamenta Vaovao aho!

Tsy nieritreritra mihitsy ny amin'izay fomba nandaminan'Andriamanitra ny zavatra rehetra aho raha niteny izany, satria ny harivan'iny ihany dia nisy mpitondra teny iray avy any Nouvelle Zélande antsoina hoe Reona Peterson nampianatra anay mahakasika io andininy avy amin'ny bokin'i Estera io! Nazavainy taminay ny fomba anafihan'ny fanahin'ny fikomiana ny tokantranontsika ho fandrodanana ny fahefana, ho famporisihana ny vehivavy hanohitra ny vadiny, ny ankizy hanohitra ny ray aman-dreny. Ny tanjona farany tiany ho kendrena dia ny famotehana ny ankohonana. Ny vokatry entiny dia mampiharihary ny tena maha izy azy.

Tena misy ny fifandonana. Tsy azo ialana ny tsy fifanarahana eo anivon'ny ankohonantsika: fifandroritana ara-bola, fahatarana miverimberina, fifandonana mahakasika ny fampianarana ny ankizy na koa ny safidy mahakasika ny fialam-boly. Ahoana no fomba hiatrehana izany amin'ny fomba madio?

Ny fanaovana fanamarihana mandratra na fidongiana dia mamela ny fanahin'ny fampisarahana hisosoka mangina ao amin'ny fontsika sy ny ankohonantsika. Ny fananana ny marina dia tsy tombontsoa manokana mamela antsika haneho herisetra na ho henjana. *Azo aseho tsy amin'ny fomba maneho fanafihana, na fanamelohana ny tsy fifanarahana na ny olona*, tsy misy manery ny tsy fifanarahana ho lasa fifamaliana. Arakaraka ny maha-maha-te-ho tia ny teny iray no mahatonga azy ho maha-resy lahatra, hoy ny bokin'ny Ohabolana.²⁸

Inona ary no hiseho amin'ilay mpanjaka vavy tanora rehefa mipoitra eo amin'izy mivady ny fifandirana goavana? Rehefa nararaotin'i Hamana, ilay praministra tao aminy ny mpanjaka dia nanome baiko ny handringanana ny vahoaka jiosy. Ahoana no hataon'i Estera? Fantany fa tsy afaka ny hanakana ny fandrokidrokiana feno hafetsen'i Hamana izy... Hahariharyny ve ny fihaviany amin'ny maha-jiosy azy...? Fantany fa tsy mbola masaka tsara ny heviny: matanjaka loatra ny fiatraikany entin'ny mpiraminisitra ao an-tsain'ny mpanjaka.

Nitady hevitra tany amin'ilay loharanom-pahendrena avolenta izy tamin'ny fiankinany tamin' Andriamanitra, sady *nitazona fihetsika maneho fanajana ny vadiny*. Fahalemena ve izany? Tsia, ny mifanohitra amin'izany! *Ity fomba nifehezany ny tenany tamin'ny fomba mahavariana ity no ho fanalahidy izay hampitsimbadika ny zava-misy sy hamonjy ny vahoakany*.

Fa nahoana no tena resy lahatra mahakasika ny fitsipiky ny fanekena ilay maherifontsika izay mbola tena tanora? Nahita ny fahefan'Andriamanitra izy tao ambadiky ny fahefan'olombelona. "Aoka ny olona rehetra samy hanaiky ny fahefana lehibe. Fa tsy misy fahefana afa-tsy izay avy amin'Andriamanitra."²⁹ Ny fijerena ny zava-misy amin'izany fijery izany dia nahafahany nanana fahatoniana nanoloana ilay ray nanangana azy ho zanaka, ilay tsindranolahy, ary nanoloana ny mpanjaka, satria rehefa manaja ireo rehetra ireo izy dia manaja an'Andriamanitra.

Jacqueline Schwerzmann izay nianatra ny teny hebreo dia manome antsika fanazavana mahaliana ny amin'ny hevity ny fanekena eo anivon'ny tokantrano³⁰. Azavainy fa "ao amin'ny Genesisy 2.18, ny lahatsoratra hebreo dia maneho ilay mpanampy saha ho toy ny "Ezer kenegdo", mpanampy mifanohitra aminy. Toa mety tsy hazava loatra izany. Saingy ny fikatsahana izay tsara indrindra ho an'ny olona iray, ho an'ny vady ohatra dia tsy voatery hiseho amin'ny endrika fahatakarana am-pitiavana sy tsy voafetra. Ny fanehoana hevitra mifanohitra tsy angatahana alalana fa andraikity ny *Ezer Kenegdo*. Toy ny fanambaran'ny ohabolana azy amin'ny fomba mazava manao hoe: avy amin'ny fifandonan'ny hevitra no iposahan'ny mazava. Tsy azo afangaro amin'ny fankatoavan'ny zanaka ny ray aman-dreniny

²⁸ Ohabolana 15.1

²⁹ Romana 13.1

³⁰ Efesiana 5.22

ny fanekena. Raha ny marina dia fifandraisan'ny samy olon-dehibe no resaka, ka ilay manaiky tsy heverina ho toy ny zaza. Saingy amin'ny alalan'ny fitiavana dia misafidy izy, noho fahalalana ny anton-javatra rehetra, ny hanome ny hakingany rehetra mba hampiasain'ny sefony, hanome ny loharanon-kareny rehetra mba hanampy azy hanatratra ny tanjony. Mety hisy noho izany ny tsy fitovian-kevitra manoloana ny tetik'ady ampiasaina, saingy misy fifampiraharaha lalina kosa mahakasika ny tanjona faratpony.

“Fa tahaka ny anaken'ny fiangonana an'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra.”³¹ Ny fiangonana no ilay “fofombady tanteraka” (kala), izay mandray fanapahan-kevitra hanao hetsika ho fanomezana fahafaham-po ny fianirian'ny malalany amin'ny fomba matotra sy feno fahatsapana. Saingy moa ve izy ihany koa ilay “Ezer Kenegdo”, ilay mpanampy **mifanohitra** aminy, izay antsoina indraindray hanolotra hevitra mifanohitra?

Moa fiheverana mifanaraka amin'ny fanekena an'i Kristy ve izany? Eny, mandritra ny vavaka atao ho an'ny hafa dia mitolona amin'Andriamanitra ny olona, mitalaho ny hamindrany fo, ny hamelany heloka, ny fahasoavany saingy Andriamanitra kosa te-hampihatra ny fitsarany. Ohatra amin'izany ny tantaran'i Abrahama niady ho an'i Sodoma sy Gomora na ny tantaran'i Mosesy izay nivavaka ho an'ny vahoakany, *nanohitra* ny Tompo...saingy kosa mifono faharesen-dahatra mahakasika ny toetrany.³²

Mankato ao anatin'ny tsy fanekena? Tsia?

Tsy mankato ao anatin'ny fanekena? Indraindray...

Ny fankatoavana ety ivelany dia tsy inona fa taratry ny toetra anaty. Mifanohitra amin'ny toetra tao anatin'ity zazakely herintaona iray. Natao tao anatin'ny seza voatokana ho an'ny zaza izy saingy amin'ny fijery feno fihantsiana ny reniny dia toa miteny hoe: “Eny napetrakao ato aho, fa ao am-poko ao aho mitsangana!” Mankato izy, saingy amin'ny fikomiana tanteraka. Zava-doza ho an'ny tokantrano ny fihetsika toy izany, ny fikomiana mitabataba dia hipoaka toy ny volokano tsy hay fehezina indray andro any.

Rehefa vonona ny hanaiky ny fahefana isika dia maneho ny fanajantsika an'Andriamanitra izay loharanon'ny fahefana. Rehefa mametraka ny anjarantsika eo ampelan-tanany isika dia hahita ny fidirany an-tsehatra. Nitory teny sy naneho fomba fiaina feno fanekena fahefana tena henjana ny Apostoly Paoly. Na dia nogadraina tsy ara-drariny aza izy dia natoky fa ny eo am-pelantan'Andriamanitra hatrany ny ho tohin'ny fiainany.

Midika ve izany fa tsy nanao hetsika n'anon'inona mihitsy izy? Tsia, rehefa nasaina nokapohina izy ka nanambara ny fiarovantenany dia nikomy izy ary nokilasy ny ho “rafi-bato voalalotra fotsy”³³ izay nanome baiko hikapoka azy. Notsikeraina mafy izy noho izany ho naniratsira ny mpisoronabe. Dia hoy Paoly nanohy ny teniny: “Tsy fantatro fa mpisoronabe izy, ry rahalahy; fa voasoratra hoe: “Aza miteny ratsy ny mpanapaka ny firenenao.”³⁴ *Tsy naharesy lahatra azy* ny tsy rariny natao taminy, saingy *nisafidy* izy ny hanaja ny fahefana. Izany akory tsy manakana azy hanohy ny fiarovan-tenany velively. Azo tanterahina noho izany ny sady manaiky ny fahefana no maneho ny tsy fitovianan-kevitra.

Lalàna sa fanahy?

Afaka mety ho sady haneho hetsika feno fanajana no haneho tsy fankatoavana ny vehivavy amin'ny fotoana isehoan'ny fandavana ny lalàn'Andriamanitra amin'ny fomba miharihary. Raha asain'ny vadinao mandainga amin'ny mpitaky hetra na hangalatra ny zavatra ny mpifanolo-bodirindrina anao ianao dia azonao atao ny tsy manaiky azy.

³¹ Efesiana 5.24

³² Ireo paragrafy telo ireo dia vokatry ny fisaintsainana nataon'i J. Schwerzmann

³³ Asan'ny Apostoly 23.3

³⁴ Asan'ny Apostoly 23.5

Nomena baiko hamono ny zazalahy rehetra teraka ny reninjaza jiosy teo ambany fanapahan'i Farao. Io mpanjaka io no manam-pahefana faratpony tamin'izany vanim-potoana izany. Mitady fahafatesana izay rehetra tsy mankato azy. Saingy ireo reninjaza ireo kosa dia ny tahotra an'Andriamanitra no lehibe taminy noho ny tahotry ny fahafatesana. Tsy nankato izy ireo ary namela ireo zazalahy ho velona. Notahian'Andriamanitra izy ireo noho ny hetsika feno fahasahiana nataony ho fanajany Azy.³⁵

Nitondra vohoka ny zanany fahefatra ity kristiana vadina mpiasam-panjakana ambony iray tany Congo. Nomen'ny vadiny baiko izy ny hanala ilay zaza ary nomeny azy ny vola ilaina ho amin'izany. Inona no ho nataonao raha ianao no teo amin'ny toerany? Noraisiny ny vola dia nividianany lambanjaza ary dia hiteraka zazakely maha-te-ho tia izy tsy ho ela. Tezitra mafy ny vadiny ka tsy nanohana azy mihitsy nandritra ny fiterahany. Taona maro taty aoriana dia niova fo izy ka tamin-dranomaso no nangatahany famelana noho ny nanomezany baiko hamonoana ny zanak'izy ireo...

Ny tena fitiavana dia afaka mampiara-dalana ny fanajana ny vady sy ny fifikirana amin'ny Tenin'Andriamanitra. Matetika dia sarotra ny manaraka ity fitondran-tena mahitsy ity. Ilay mamantatra ny fo dia mahalala izay zavatra iainanao ary hitari-dalana anao Izy.

Fanekena, loharanon'ny fiarovana sy fahefana

Isan'ny andraikitra ny lahy ny miaro ny vadiny. Tsy afaka ny hanao izany izy raha tsy manaiky ho eo ambany fiarovany ny vadiny, satria toy ny bibidia ny vatana misy loha roa. Tsy manafaona velively ny fifampiresahana sy ny fiarahana mihaino ny Tompo ny fanekena. Rehefa azo tsara, rehefa iainana tsara ny fanekena dia loharanon'ny fiarovana, fiadanana ary hitondra soa ho an'ny ankohonana manontolo.

Ao amin'ny boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe "La famille chrétienne", Larry Christenson dia mizara tantara kely izay maneho ny herin'ny fitondrana madio eo anivon'ny ankohonana. In-dray andro dia nokilasian'ity zaza iray ho tsy misy saina ny reniny. Tsy fantany anefa fa tao aoriany ny rainy tamin'io fotoana io. Nobatain'ny rainy tamin'ny fehikibony izy ary nanontaniny tamin'ny feo hentina hoe: "Iza no tsy misy saina?" Taitra mafy ilay zaza ka nikikika niteny hoe "Izaho, izaho!" ka nampihomehy ny ankohonana manontolo ny fihetsiny ary toa nampihavana tampotampoka teo. Saingy nitondra vokatry ny lesona nampitaina: azon'ny rehetra fa ny fanafihana an'i Neny dia fitadiavana olana amin'i Dada. Naneho tamin'ny ankizy ny hery sy ny fiombonan-kevitra ny ray aman-dreny izany.

Matetika ny lahy dia mamela ny vadiny hampiasa ny fahefany mba hitondrany ny ankohonany amin'ny anarany. Rehefa misy loza mety hahazo ny vavy (fidiran'ny rafozana amin'ny fiainan-tokantranony, mpifanolo-bodirindrina tsy faly, zava-miseho imasom-bahoaka), ka raha tokony hiaro tena izy ka manaly hoe: "Horesahako amin'ny vadiko", dia mihena avy hatrany ny tsindry. Ilay fahefana ekena dia manome hery avy hatrany ny teniny, satria ho famahana olana farany dia ny loham-pianakaviana no natao ho fakan-kevitra.

³⁵ Jereo ny Eksodosy 1

Fizarana fahefatra

Ny fitiavana mandrava ny sakana

Ny fitiavana azy dia fisehoana ho mpanohana mahatoky

Azo heverina fa tsy ho azon'ny vadinao an-tsaina hatrany ny lanjan'ny fanohananao azy. Ianao anefa no olona tsara toerana indrindra afaka hahatakatra ny antsipirihany sy ny zava-misy manodidina ny fanambiny ary hampahery azy handray ny toerany. Zavatra mety hiseho amin'ny tokantrano rehetra ny samy maka ho azy, samy miezaka manatratra ny tanjony ny tsirairay ka tsy mihevitra ny ankilany. Ny fiainana samy manana ny zotra arahiny toy izany dia mety hanimba ny roa tonta. Mivesatra entana izay tsy natao hozakaina samirery izy ireo.

Rehefa manolo-tena hanohana azy ianao amin'ny fakanao ny toeran'ny mpanohana mahatoky ho azy dia handray ny tombontsoa avy amin'izany ianao. "Omeo, dia mba homena ianareo"³⁶ Eny fa na dia tsy mamaly *eo noho eo* ny finiavanao hanome aza izy, dia hanokafan' Andriamanitra lalana ianao hiotazanao izay nafafinao.

Ny fitiavana azy dia fivavahana ho azy

Mety ho reraka ny vady rehefa kikisan'ny fanahiana mahakasika ny asa. Tsy ho tafavoaka amin'izany izy raha tsy miala voly amin'ny filentehana amin'ny fanaovana ny fialam-boly tena tiany. Vokany dia toa mahatsapa tena ho mivesatra samirery ny olan'ny tokantrano ny vehivavy. Zary toa lasa fahavalo ilay asa amin'izay fotoana izay.

Inona ary no atao? Hamporisika azy handao ny fahombiazana hitany eo amin'ny tontolon'ny asa ve ho tombontsoan'ny ankohonany? Ny fitsikerana azy tsy misy farany? Mila manaiky isika fa tsy tena mahomby izany rehetra izany... Resaka manahirana izany ka mila ifampiresahan'ny mpivady. Matetika dia miezaka mikitika ilay olana ny vavy saingy toa tsy henoina.

Fitaovam-piadiana ny vavaka! Araka ny ohatra nasehon'i Estera, aza ambaniana velively ny maha-zava-dehibe azy. Rehefa tsy afaka ny hifampiresaka dia ny vavaka atao ho azy no hanafaingana ny dingan'ny fahamatorana. Manafoana ny fitarainana etsy sy eroa amin'ny namana, amin'ny ray amandreny na amin'ny vondrom-bavaka ihany koa ny vavaka ataonao ho azy. Mba ho fitaomana ny hafa hivavaka dia manao fahadisoana tsy voatandrina isika amin'ny filazana amin'ny hafa zavatra izay tokony hijanona ho tsiambaratelo. Raha fantatry ny lahy fa ny vadiny mitsikera azy any ambadika any dia haratra izy ary vao maika hihamafy ny tsy fifankazahoana. Estera raha navelan'ny vadiny ho irery, nitokan'efitra nandritra ny iray volana dia tsy mba nitantara izany tamin'ny manodidina azy. Tsy fantatr'i Mordekay izany raha tsy izy nanery azy handeha ho any amin'ny vadiny ny mba hamindrany fo aminy. Tena voarara mafy anefa ny fanaovana izany dingana izany satria mety hanaraka hatramin'ny ainy; izany no antony nanekeny sy nangatahany ireo Jiosy tao an-tanana hivavaka ho azy.

Tena mahatsara ny fananana namana iray na roa matotra hiarahana mivavaka hitondra ireo entamavesatra sady tsy hitantara izany amin'ny hafa. Matetika ny vavaka atao ho an'ny hafa dia mitondra vahaolana avy hatrany, saingy matetika dia mety hanomana dingana hafa izy, toy ny fifampiresahana mivantana, fanampian'ny mpanolo-tsaina eo amin'ny tontolon'ny tokantrano, na koa manampy amin'ny fahalalana izay tian'ny lahy ho porofoina amin'ny famonoany tena amin'ny asa ohatra.

Nilaza tamiko ny vadina mpitandrina iray tany Bénin fa nahita sakaiza tena sarotra aminy ny mifanandrana aminy ny vadiny. Ordinatera no anaran'io sakaizany io! Nanimba tsikelikely ny fiainan-tokantranon'izy ireo ity milina zava-doza, mpitelina fotoana, manjakazaka amin'ny takarivan-drangahy vadiny ity. Teo am-pivavahana izy no nahatsapa fa raha be-marenina tamin'ny fitarainany ny vadiny, izy ihany koa ninia tsy nihaino ny fanahian-drangahy. Niatrika samirery asa goavana dia goavana ilay rangahy dia ny fandikana amin'ny dikan-teny hafa ny Baiboly. Ny disadisa eo anivon'ny ankohonana sy eo amin'ny mpivady dia tafiditra ho isan'ireo fanafihana ataon'ny fahavalo hampitsaharana ny asan'

³⁶ Lioka 6.38

Andriamanitra. Hany ka raha tokony hivavaka *hanohitra* ilay asa izy dia nanomboka nivavaka mba hahitan-drangahy ny fanalahidy ilaina mahakasika fitsipi-pitenenenana izay manahirana azy. Tena nahavariana ny vokatra! Nandroso haingana tsy araka ny nieritreretana azy ny asa. Tsy voatery nandeha alavitra tany amin'ny faritra afovoan'ny firenena izy fa tao an-toerana ihany dia nahita ireo olona afaka miteny tenim-pirenena roa. Rehefa tsy teo ambany tsindry intsony izy dia afaka nihaino andramatoa vadiny.

Rehefa samy nanokatra ny fony izy roa dia hitan'izy ireo fa tena sahirana niatrika ilay krizy ireo zanany. Nanomboka ningitrika tsy nandeha nianatra sy nangalatra ny zanany lahy matoa. Rehefa niverina amin'ny laoniny ny firindrana, eny fa na dia tsy niova aza ny programan'izy ireo dia afaka nitondra fanitsiana ny zava-misy izy ireo.

Ahoana no nahatonga io krizy io hiseho lany? Samy naratra izy roa: rangahy nahatsiaro ny tenany ho tsy misy mahazo ny zavatra iainany sady tsarain'ny vadiny, vokany dia nikatona tanteraka izy ary namono tena tamin'ny asany. Ramatoa koa nahatsiaro tena ho nilaozana ka tsy nihombom-po tamin'ny asan'ny vadiny. Nirodana ny rindrin'ny tsy fahatakarana izay mahazo ny hafa rehefa nandray am-po ny olan'ny ankilany ny iray tamin'izy ireo. Mba hahafahana miaina izany fahafoizan-tena izany dia tsy maintsy niatrika fahoriana mafy ravehivavy. Saingy rehefa nivavaka ho an'ny vadiny izy dia nitondra ny finamàn'izy ireo ho amin'ny vanim-potoana famerenana hery taorian'ny aretina nahazo azy sady nitondra fahasitranana ho an'ireo zanany.

Ny fitiavana azy indraindray dia fanomezana azy

Kivy noho ny naha-tsy tao an-trano matetika an-drangahy vadiny ity vadina mpiandraikitra ny Tanora Mpanefa Iraka iray. Mpitondra teny malaza moa izy ka nandeha tany ivelany matetika ka namela andramatoa irery niaraka tamin'ny zanany. Nanomboka nihasarotra ny fitaizana ireo zanany madinika. Ny zavatra tsapany dia toa nangalarina taminy ny vadiny amin'ny fotoana izay tena ilàny azy sy ilàn'ny zanany azy. Toy izao no teny novakiany tamin'ny fandinihana Soratra Masina fanaony isanandro: "Raha misy manaraka Ahy ka tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny zanany ..., eny, ary ny ainy koa aza, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy."³⁷ Toy izao no fanontaniana napetraky ny Tompo taminy: "Vonona ny hamoy ny vadinao ho ahy ve ianao? Ekenao ve ny hanome azy ho ahy ho amin'ny fanompoana ahy?" Nieritreritra kely izy, ary noho ny fitiavany an'i Jesosy dia nanaiky izy.

Nanomboka teo, rehefa handeha ny vadiny dia izy sy ny zanany no *mandefa azy* manao iraka. Nivavaka ho azy ihany koa izy ireo ho an'ny lalan-tsarotra ho lalovany ary mifaly noho ny amin'ny fandreseny sy ny valim-bavaka azony rehefa miverina izy. Tena azo tsapain-tanana ihany koa ny olana teo amin'ny lafiny fifehezana ny ankizy satria zary toa rehehan'ny ankizy ny fananana dada manompo an'Andriamanitra. Teo aloha noho ny fahatsapany ny fangidiana tao am-pon'ny reniny dia nikomy izy ireo... tahaka ny nataon'ny mamany tao am-pony mangina tao. Nitombo izy ireo ary nanolo-tena ho amin'ny iraka nanaraka ny ohatr'ireo ray aman-dreniny. "Ny voam-bary maty dia mahavokatra be."³⁸

Ity fijoroana vavolombelona manaraka ity dia maneho ny fahamarinan'izany fitsipika izany sady tsy manafina ny sanda tsy maintsy efaina. Tena resy lahatra tanteraka ny amin'ny antson'Andriamanitra handeha hitory Filazantsara any amin'ny foko iray monina any amin'ny toerana tany Congo izay tena alavitra azy ity mpitandrina afrikana iray. Izy no voalohany tsy nanampo mahakasika izany ka lasa niresaka tamin'ny vadiny. Ilay vadiny anefa voan'ny aretina tiberkilôzy izay tsy andairan'ny fanafody intsony ka zary toy ny taolana mandehandeha sisa. Raha handeha izy dia mety ho faty ny vadiny amin'ny fotoana tsy maha eo azy... iza no hikarakara ny zanany kely anankiroa? Rehefa avy nitady ny Tompo izy dia namaly azy ramatoa fa izy ihany koa mahatsapa ny fahamari-pototry ny antsony. Tsy tonga any amin'ny tanana ambanivohitra nisy azy ireo ny taratasy sy ny telefôna. Tamin'ny fo mavesatra dia mavesatra no nisarahan'izy ireo sady nieritreritra hoe mbola hihaona ihany ve izy ireo in-draindray andro any. Volana maromaro taty aoriana dia vita ny iraka nataon-drangahy ka dia niverina tany an-trano izy. Tamim-pahagagana tanteraka no nahitany ny vadiny tomady sy salama tsara. Vao lasa fotsiny izy dia

³⁷ Lioka 14.26-27

³⁸ Araka ny Jaona 12.24

nositrarin'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga ny vadiny... Inona re no niseho taminy raha toa izy ireo nanda ilay iraka e? Nitondra fahasambarana tamin'izy ireo ny nisafidianany hanaiky tanteraka ny sitrapon'ny Tompo. Ankehitriny izy ireo dia lasa ankohonana manao iraka amin'ny fomba mahavariana any Pointe-Noire.

Ny mitia azy dia mifanerasera aminy

Mba hahafahana maminavina amin'ny fomba madio izay zavatra mitondra fifandonana dia mila manao ezaka manokana hamantatra izay hery manosika ny vadin'ny tena hanao zavatra. Inona ary no zavatra miseho ao aminy? Ny fahatakarana izay zavatra mitondra fahasorenana aminy dia hanampy antsika hanapotsitra ny tena fototry ny olana. Izy ihany koa etsy an-daniny dia mila mamantatra izay tena hery manosika antsika vehivavy; aza heverina ho toy ny efa fantany sahady izany. Raha toa ka mety tsy tafavoaka dia afaka hanamora ny fifampiresahana izay hanetsika fiovana ny fiantsoana olona matotra sy tsy miandany.

Mandà mafy ny hanampy an'i Aline vadiny izay tena trotraka i Pierre izay tsy an'asa. Nandritra ny fotoana ela no efa nanaovany asa matihanina roa: ny maha-renim-pianakaviana sy ny asan'ny mpitan-tsoratra. Antony maro no mety mahatonga an'i Pierre tsy hanampy azy: ny modely maha-ray izay nampidirina tao an-dohany mahakasika ny fandraisan'anjara amin'ny asa ao an-tokantrano, lehilahy resim-bavy hono no manao izany, na koa ho fanoherany ny asa ivelan'ny tokantrano ataon'ny vadiny ka tsy levon'ny vavoniny mihitsy io safidy noraisin'ny vadiny io. Tsy ela dia azon'ilay mpanolontsaina ny zavatra misy eo amin'izy ireo: Henatra ho an'i Pierre ny tsy fananan'asa, tsy vitan'izany fa ny vadiny izay izy no natao hikarakara azy no mampiditra vola betsaka! Eo imasony dia tsy mila azy intsony Aline. Mahatsiaro tena ho voailika, tsy ilaina ary nietry any amin'ny farany ambany izy.

Rehefa samy nisokatra izy roa dia niharihary avokoa izay "tsy nambara" rehetra. Samy azon'izy ireo fa tsy nisy tamin'izy ireo nanana eritreritra ny hanetry ny vadiny. Na dia novain'ny fisehoan-javatra aza ilay sary mahazatra izay ny lahy no mamelona ny ankohonana dia niorina sy tsy niova ny fitiavan'izy ireo ary vao maika iankinan-javatra goavana ny filana fifanohanana teo amin'izy ireo. Nanomboka teo dia tsy niady nifanohitra intsony izy ireo fa niara-niady nanohitra ny zava-tsarotra atrehany.

Ho fitiliana fihetsika toa tsy mandeha amin'izay laoniny dia aza hadino fa ny ankilany ihany koa mety haratra ary mety tsy ho afaka hampiasa ny fahaiza-manao mahazatra azy. Amin'ny fikarohana ny loharanon'ny fahasorenana no hisian'ny fifampiresahana tena izy.

Ny fitiavana azy dia fahasahiana manao fanamby amin'ny sakana ara-kolontsaina

Eo anivon'ny vahoaka tsirairay dia ahitana fomba tena tsara izay tsy mifanohitra amin'ny kolontsaina ara-Baiboly toy ny fahaizana mandray vahiny ohatra izay tena hita taratra any ami'ny firenena tantsinanana sy any Afrika. Saingy misy ihany koa ireo fomba izay mifanohitra tanteraka aminy. Mitarika fahadisoam-panantenana, aretina ary fahafatesana izy ireny. Any amin'ny faritra sasany ohatra ny vehivavy tsy mahazo miaraka misakafa amin'ny vadiny, mitokana miaraka amin'ny ankizy izy rehefa misakafa. Tsy fomba ihany koa ohatra ny misaotra azy na mankasitraka azy noho ny asany satria zavatra tsy maintsy ataony izany! Saingy raha ny Baiboly no jerena dia mitoraka voninkazo ny vadiny ny lehilahy: "Ny lahy koa mitsangana ka midera azy".³⁹

Any amin'ny foko iray any Afrika afovoany dia misy fomba toy izao, raha mamangy ny zanany lahy sy ny vinantovaviny ny renin-dralehilahy dia tsy maintsy mampiantrano azy izy ireo na toa inona na toa inona ny fotoana tiany hijanonana ao amin'izy ireo. Ny fomba ihany koa dia manery azy roa hitokan'efitra mandritra io fotoana io. Saintsaino izay mety hataon'ny reny izay tsy mahazohazo ny vinantovaviny... Matetika ny fomba amam-panaon'ny foko dia zary lasa vesatra ho an'ny tokantrano kristiana. Mifandona amin'ny fampianaran'ny Soratra Masina ireny fomba amam-panao ireny:

- "Aza misara-pandriana hianareo, raha tsy amin'izay andro sasany ifanekenareo ho andro hivavahana, nefa mbola hiraisanareo fandriana indray mba tsy hakan'i Satana fanahy anareo

³⁹ Ohabolana 31.28b

noho ny tsi-faharetanareo.”⁴⁰ Rehefa tsy tapaka ny tadi-poitra izay mampifamatotra ny lehilahy amin’ny reniny dia tsy maintsy hanjakazaka hatrany ny ravoam-bavy. Maro ny tokantrano no mandalo fotoan-tsarotra satria tsy tena niala teo ambany zipon’i mama ka zary mitondra tena ho toy ny zazalahy kely hatrany ralehilahy. Mila miandany amin’ny toerany ao amin’i Kristy izy ary mankato ny teniny.

- "Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; ary dia ho nofo iray ihany izy roroa" ka dia tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa amin'izany, izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona.”⁴¹

Any amin’ny faritra sasany, ny fomba dia mandrisika ny lehilahy hitondra tena ho toy ny mpanjakazaka amin’ny vehivavy mba tsy hahatonga azy heverina ho toy ny sarim-bavy. Mila maneho toetra manjakazaka sy mihatakataka amin’ny vadiny izy. Ity oha-pitenenana ity dia maneho fahamarinana tena mampalahelo: “Rehefa mandalo izy ireo, jereo hoe firy metatra no manasaraka ny lehilahy amin’ny vehivavy dia ho fantatrao hoe firy taona no nivadian’izy ireo.”

Tsaroako mpivady vao kristiana iray tany Mali, nitondra vohoka enimbolana ramatoa. Miaraka aminy any am-patsakana, manovo rano ho azy ary mitondra ny rano hatrany amin’ny fidirana ny tanana ny vadiny. Rehefa akaiky tanana dia omeny azy ilay rano mba tsy hisy hahalala ny tsikombakomban’izy ireo.

Mandritra ny fiandrasam-paty any Afrika dia misaraka tanteraka ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny vehivavy mipetraka amin’ny tsihy raha ny lehilahy kosa mipetraka amin’ny seza, na amin’ny seza fanao amin’ny trano fandraisam-bahiny satria izay no takian’ny fomba amam-panao. Rehefa nahita ny fon-drangahy vadiny izay naratra mafy noho ny fahafatesan’ny reniny dia niala teo amin’ny tsihy nisy azy ity ramatoa ka nandeha nipetraka teo anilany mba hampionona azy. Niteny mafy tamin-drangahy noho ny teny rehetra izany fihetsika izany indrindra moa raha heverina ny fahasiana notakian’ilay hetsika natao. Rehefa nihaino ny fony ramatoa dia nitondra fampiononana sy fanasitranana.

Rehefa niaina tsy nanana an’i Kristy teo ambany ziogan’ireny fomba mampahory ireny nandritra ny taranaka nifandimby dia tena tsy mora ny miatrika azy. Matetika ireny fombafomba ireny dia nolovaina avy amin’ny fombafombam-pivavahan’ireo razam-be teo aloha. Ny fialana amin’izy ireny dia mitarika ho amin’ny fanilihan’ny tanana manontolo sy miantso ozona avy amin’ny herin’ny maizina. Loza amin’ny endriny maro samihafa no mahazo izay mandika azy ireny: aretina, fanekeran’ny bibilava, loza, afa-jaza. Zavamisy tena sarotra iainana izany any amin’ny toerana izay ny ankamaroan’ny olona dia miaina ao anatin’ny famosaviana sy fanompoana fanahy maloto. Taranaka maro nifandimby no nizaka ny fanjakazakan’ireo fahamaizinana ireo. Mba ho afaka amin’izany dia tsy maintsy maneho ampahibemaso ny fanapahan-kevitra hanaraka an’i Jesosy. Izy no afaka manome antsika hery handehananana eo ambonin’ny menarana sy ny maingoka ary eo ambonin’ny herin’ny fahavalo rehetra, sady tsy hisy hampaninona antsika akory.⁴² “fa tsy avy amin’ny nofo ny fiadian’ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy”⁴³

Ny fanaovana zavatra mifanohitra amin’ny fomban-drazana dia mitaky fiorenana mafy amin’ny kolontsaina vaovao dia ny an’i Kristy. Noho ny sakana najoron’ny fomban-drazana tsy mifaditrovana dia maro ny tokantrano no tsy manana intsony ilay hery mikoriana avy amin’ny maha-iray. Ampijalian’ny fifandraisana misy elanelana izy ireo hany ka voaloton’ ny lolom-po sy ny fahadisoam-panantenana ny hakaton’ny fifandraisana tena izy.

Tsy vitsy anefa na izany aza ireo izay naneho fahasahiana hiaina araka ny fenitry ny Baiboly. Mila maka bahana tsara aloha mba hahatakarana izay ambaran’ny Baiboly ny amin’ny fomba fiainantsika.

⁴⁰ 1 Korintiana 7.5

⁴¹ Matio 19.5-6

⁴² Araka ny Lioka 10.19

⁴³ 2 Korintiana 10.4

Ahoana no fomba nitiavan'i Jesosy? "Fa tahaka izany, ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro."⁴⁴

Fanontaniana ho fisaintsainana

- Inona no mba faniriana lalina ao amin'ny vadiko? Ho an'ny fiainany? Ho an'ny ankohonany? Ho an'ny asany?
- Ahoana no hahatonga ahy ho mpanohana mahatoky ho azy?
- Moa misy sakana manakana ahy tsy hiaina amin'ny fahafenoany ny fiainam-piankohonana aradana? Ahoana no handreseko ireny amin'ny alalan'ny vavaka?
- Inona fanampiana sy fanohanana andrasako aminy?
- Misy zavatra nandratra azy sy manakana azy tsy haheno ahy ve?
- Misy zavatra nandratra ahy sy manakana ahy tsy hahazo sy hahatakatra ny zavatra iainany ve?
- Ahoana no hanehoako aminy ny filako mba handraisany azy am-pahamatorana?
- Misy fomba amam-panao sy fomban-drazana izay manembatsembana ny tokantranonay ve?
- Inona ireo dingana sy fanapahan-kevitra azo eritreretina mba ho fanavaozana ireny fombafomba ireny?
- Amin'ny lafiny inona no hikatsahako ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany alohan'ny fiainan-tokantranoko? Vonona ny *hanome* ny vadiko ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra ve aho?

⁴⁴ Matio 20.28

Fizarana fahadimy

Mampivelatra ny maha-mpinamana

Mila kolokoloina ny maha-mpinamana mba hivelarany⁴⁵. Toy ny zaridaina, ny fifandraisan'ny mpivady ihany koa dia mila tondrahana mba hamelombelona azy. Ny mpivady tsirairay dia samy mila mamantatra ny fomba hanehoany ny fifamatorany amin'ny ankilany. Gary Chapman ao amin'ny boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe "Ireo tenim-pitiavana dimy", navoakan'ny edisiona Farel dia mamelabelatra ity lafin-javatra momba ny fifandraisana ity. Ny famantarana izay mahakasika ny vadinao manokana, ny tenim-pitiavany no fanalahidy hampivelarana ny tena maha-mpinamana eo anivon'ny tokantrano. Afaka manatona azy ao amin'ny sehatra izay tena manan-danja aminy ianao amin'izay. Amin'ny maha-vady dia manana fomba anarivony isika hanehoana ny fitiavanantsika. "*Ny fitiavana tsy manontany mihitsy hoe im-piry indray aho no mila mamerina manao, fa kosa manao hoe ahoana no hahatonga ahy ho fitahiana?*" (F. G. Ager). Ilay maherifon'ny Ohabolana dia tena nambabo ny fon'ny vadiny. Fa ahoana ary no nataony? "Soa no ataon-dravehivavy aminy, fa tsy ratsy, Amin'ny andro rehetra iainany."⁴⁶ Amin'ny andro rehetra iainany? Salan'isa tena miavaka izay mbola tsy taratrako mihitsy! Amin'ny fianarana mahakasika ity vehivavy fakan-tahaka ity no ahitana fa ny fiainany dia voarindra ho toy ny asa matihanina miseho amin'ny endriny maro samihafa: sady mpandray vahiny izy, no mpitantana, no mpanaingo, no mpanolo-tsaina, no manampahaizana manokana amin'ny fitaizana zaza, sns. Ny asa rehetra dia ianarana arakaraka ny fandroson'ny fotoana... Mendrika ny ezaka atao ny vokatra azo!

Fiainana ny maha-mpinamana amin'ny alalan'ny hetsika ataontsika

Ny vady sasantsasany dia tena mahatsiaro tena ho tiana amin'ny alalan'ny fanaovana hetsika pratika: akanjo voapasoka tsara, tokantrano maha-tehonina... Ireo finiavana izay heverina ho toa tsy dia misy dikany no matetika miteny mafy indrindra! Ao amin'ny ankohonako dia samy manasa ny kirarony avy izahay; rehefa sasako ny an'ny vadiny dia tena mahakasika azy izany. Fantany fa tsy adidy tsy maintsy ataoko izany, fa fanomezana atolotro azy! Manaova hetsika kely miala amin'ny mahazatra mba hanolotra ho azy zavatra tsy noeritreretiny.

Andeha hojerentsika ny amin'i Estera izay niantsoroka adidy goavana dia ny hanao izay hahitan'ny vahoakany fitia, tena azo heverina hoe tao amin'ny mason'ny rivo-doza no nisy azy tamin'io fotoana io. Ny fidirana fotsiny ao amin'ny lapam-panjakana, nefa tsy nantsoina akory dia maha-voaheloka ho faty...raha tsy hoe angaha tondroin'ny mpanjaka amin'ny tehim-bolamenany ilay niditra an-tsokosoko. Niroso Estera taorian'ny telo andro nanaovana andro fifadian-kanina. Tsy tahaka an'i Vasti izay nandika ny lalana an-tsitrabo ary dia voaheloka, Estera kosa rehefa nomen'Andriamanitra tolo-tsaina dia tsy vitan'ny hoe noraisina fotsiny fa nohainoina tamim-pahalinana tanteraka. Inona ary no hataony? Haneho fitarainana, sa hanaratsy an'i Hamana, sa hitaky fanazavana? Tsia, tamim-pahakingana tanteraka no nanatonany ny vadiny tamin'ny alalan'ny *tenim-pitiavany*. Nanao fanasana izy ary nasainy ny vadiny sy ny praiminisitra...

Misy lafin-javatra ve ao amin'ny ankohonanao izay azonao tanterahina am-pitiavana anio? Amin'ny fahalalana fa noho ny fahasamihafan'ny fomba nanabeazana dia tsy mitovy ihany koa ny zavatra andrasantsika avy. Tsy maintsy nanova ny fomba fandaminako entana aho. Izay noheveriko ho milamina tamin'ny fiandohan'ny fanambadianay dia toy ny fikorontanana mahafinaritra no nahitan'ny vadiko azy! Saingy ny fitiavana no nanosika ahy hiova...Tahaka ilay vehivavy ao amin'ny Ohabolana dia afaka momorona zavatra vaovao ihany koa ianao. Ahoana no azonao atao? Ataovy ho toy ny fanasana ny latabatra fisakafoananareo miaraka amin'ny voninkazo sy ny sakafao tiany indrindra. Raiso am-pifaliana izy, amin'ny fanajana ihany koa ny filany mba hihataka kely... na hiresaka. Miara-mifoha aminy amin'ny maraina. Manampy azy hitady ny entany...sady tsy manome tsiny azy. Ireo rehetra ireo dia toy ny poizina mahery vaika mamono ireo ahi-dratsin'ny fahasorenana izay toa manakorotana ny

⁴⁵ Ny vadiko no mamelabealatra ity lohahevitra ity any amin'ny boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe Ahoana no hampahomby ny tokantranoko, fizarana fahefatra.

⁴⁶ Ohabolana 31.12

lohany raha vao maraina ny andro. Hoy ny Soratra Masina: "Izay te-ho be fitiavana dia manaron-keloka"⁴⁷ Tsy ho latsaka amin'ny heloka maro ihany koa izy!

Fiainana ny maha-mpinamana amin'ny alalan'ny teny

Ny vady sasany indray dia mora voakasiky ny fankasitrahana amin'ny alalan'ny teny kokoa noho ny amin'ny alalan'ny zavatra atao. *Fisaorana* kely fotsiny dia mety handrava sakana maro.

Ao amin'ny tokantranon'i Paul sy Sara dia mihevitra Paul fa efa manao izay azony atao mba hamaliana ny filan'ny ankohonany. Miasa mafy izy, saingy ory ny fony satria ny vadiny izay vao terabao tsy mba maneho fankasitrahana azy mihitsy. Toa nahatsiaro tena ho nilaozan'ny vadiny izy, ilay vadiny izay toa niova tamin'ny fomba ara-dalana sy tampoka ho lasa reny. Ekena fa ny fahatongavan'ny zaza miaraka amin'ny harerahana sy ny andraikitra tsy azo ialana tsy afa-misaraka aminy dia manala matetika ny vady eo amin'ny seza fiandrianany amin'ny maha-vady azy. Tsy azon'i Sara an-tsaina akory fa zary lasa tsy azo iaraha-monina izy.

Tsy ela dia tsikariny ny fahasorenan'i Paul. Naverimberiny matetika fa tena ankasitrahany ny fanoloran-tenany amin'ny maha-vady sy amin'ny maha-ray azy. Nanohina azy tanteraka ireny fankasitrahana ireny satria nifanaraka amin'ny teny izay andrasan'ny fony fatratra. Ny fankasitrahana dia toy ny fihinanana vitamina. Hanampy azy hiatrika ny vanimpotoanan'ny fitaizana zazakely izay tsy mora ny mitantana azy! Tsy ela dia hitany ny fanahian'ny vadiny ary niezaka ny nampitony azy ralehilahy manoloana ny andraikitra vaovao sahaniny.

Fiainana ny maha-mpinamana amin'ny alalan'ny fifampikasohana ara-batana

Fahadisoana ny fiheverana fa ny fanehoam-pitiavana amin'ny alalan'ny vatana dia tsy miseho afa-tsy amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo. Marina fa ao anatiny izany, saingy tafiditra amin'ny fifampikasohana ara-batana ireo fihetsika kely madinika eo amin'ny andavan'andro. Ny tanana mipetraka eo an-tsoroka, fifamihinana na fanindritsindriana ataon'ny tanana dia hetsika mampita hafatra avokoa. Andramo anie dia jereo ny fandraisany azy e! Ny sasany tsy dia mahazohazo ireny endrika fanehoam-pitiavana ireny, ny sasany indray tena mirangorango. Meteza ho mora voakasika ary indrindra aza manao izay mifanohitra amin'izany!

Sady sehatra manahirana no mahafinaritra ny fomban'ny mpivady. Maro ny vehivavy no manontany tena ny amin'ny fomba hivelarana amin'ity sehatra ity. Amin'ny ankamaroan'ny fotoana ny fianarana noratovontsika dia tsy manome afa-tsy valinteny vitsy dia vitsy. Ho ahy manokana dia torohevitra sarobidy vitsivitsy avy amin'ny mpiandraikitra iray izay tena nankafiziko manokana ny fahaizany mandanjalanja no noraisiko mialoha kely ny mariaziko. Namporisihiny manokana aho ny haneho fahavononana amin'ny fanirian'ny vadiko (na dia tsy amin'ny fotoana tena mety amiko aza izany), tsy hisalasalala hiosotra ranomanitra na hanao fitafiana hahatonga ahy hambabo ny fony amin'ny fotoana natokana ho anay samirery. Matetika isika dia voasakan'ny fanabeazana izay mandrara ny resaka fety izay ny Tompo no nanorina azy: "Mifalia amin'ny vadin'ny fahatanoranao. Fa dieravavy mahate-ho-tia sy osi-dia tsara bika izy, dia aoka ny tratrany no hahafeno fifaliana anao mandrakariva, Ary aoka ho feno faharavoravoana lalandava amin'ny fitiavany hianao."⁴⁸ Ao amin'ity lahatsoratra ity dia aseho ho toy ny zavatra tsara sy madio, ary koa misy *fifaliana sy firavoravoana lalandava* ny firaisana ara-nofo...

Mitaky fifampiresohana ny fivelarana. Raha tsy misy mihitsy izany eo anivon'ny tokantranonareo, nahoana no tsy mamorona zavatra vaovao amin'ny fanontaniana ny vadinao izay mba tena mahafinaritra azy, izay tiany hovana na izay tiany hatsaraina? Nisy vehivavy mbola tanora iray nampihatra io torohevitra io. Tena naneho fahasahiana izy satria ao amin'ny tontolo misy azy dia zavatra tsy azo resahana mihitsy izany. Nozarainy tamiko ny valin-teny nanaitra avy tamin'ny vadiny: "Nandritra ny fotoana ela no nampanontany tena ahy ny amin'izay tianao sy mahafinaritra anao, fa farany ianao mihitsy no liana amin'izay mahafinaritra ahy!" hoy izy.

⁴⁷ Ohabolana 19a

⁴⁸ Ohabolana 5.18-19

Ny fahadisoam-panantenana matetika dia avy amin'ny zavatra faran'izay tsy dia misy dikany: fofom-bava, ny fahasorenana noho ny fiatrehana ny andro, ny fahatsapana diso na mitombina ho toy ny voafetsifetsy... Ny fitsorana mahakasika ireny zavatra ireny dia hanala tsindry maro be. Raha ny iray ohatra ilay karazan'olona tsy matory raha tsy alina be, ny iray kosa ireny mpatory antoandro ireny dia hisy elanem-potoana lehibe eo amin'izy ireo saingy azo atao hatrany ny mahita vahaolana, indrindra raha iarahana mitady.

Ny fahalalana ny fomba fiasan'ny ankilany dia manampy antsika hanatona azy. Tsy maneho hetsika amin'ny fomba mitovy ny lahy sy ny vavy. Ho an'ny lehilahy ireo tontolo roa dia ny fiombonan-tsaina sy ny fiombonana ara-nofo dia azo sarahana roa. Vitany ny ho liana amin'ny vadiny rehefa mahita azy manala akanjo ao an'efitra na dia vao nifamaly taminy aza izy nandritra ny andro. Ravehivavy kosa mifanohitra amin'izany satria mihidy amin'ny zavatra andrasan'ny vadiny izy raha misy olana eo amin'ny lafiny fifandraisana... *Ny filana ara-nofon'ny lehilahy dia hetsehin'ny fahitana. Eo amin'ny vehivavy kosa dia teraka avy amin'ny fifandraisam-pitiavana ny filany.* Tamin'ny fomba mahatsikaiky no nandikan'ny mpampianatra iray izany nanao hoe: ny lehilahy *lava maso* ary ny vehivavy *ranga sofina!* Noho izany dia namporisika ny vehivavy izy hanao ny fomba rehetra hahatonga azy ho tsara tarehy, ary lehilahy kosa hitady izay teny mahakasika ny fon'ny malalany.

Miaina ny maha-mpinamana amin'ny alalan'ny fiarahana manao zavatra

Ny lehilahy sasany dia mahatsiaro ho tena tiana raha miaraka manao zavatra aminy amin'ny fomba mitohy ny vadiny. *Fanolorana ny tena ny fanokanana fotoana ho an'ny hafa.* Toy ny manolotra ny ampahany amin'ny aina izany. Izany no atao hoe fitiavana. Amin'ny lafiny iray dia io no hany fomba hanehoana ny halalin'ny fitiavantsika. Fampiasam-potoana izay tsy hanenenana mihitsy izany. Manjaka ny maha-irery rehefa ny iray amin'izy roa ihany no mafana fo amin'ny fialam-boliny. Raha tena liana amin'ny resaka sary na amin'ny fanjonoana ny vadinao, ny tena fitiavana dia hahatonga antsika ho liana amin'izay mahaliana azy. Azo antoka fa tsy ho lasa mpaka sary matihanina na ho kinga amin'ny fanjonoana isika, saingy ny ora vitsivitsy isam-bolana iarahana aminy dia hitondra fahasamihafana goavana. Handray valim-pitia goavana isika rehefa manao izany amin'ny fo. Amin'ny maha-reny antsika, moa tsy manokana fotoana hiarahana milalao amin'ny zanatsika ve isika. Moa tsy fomba filazana amin'izy ireo hoe "tiako ianao" ve izany?

Nisy gazety boky natokana ho an'ny vehivavy iray nametraka fanamby tamin'ireo mpamaky azy ny hanao fanandramana mandritra ny iray volana. Ny tanjona dia ny hanao izay fomba rehetra hamalifaliana ny vadiny toy ny fandehanana mijery baolina miaraka aminy, manokana fotoana hihaino azy mahakasika lohahevitra tena tiany, miaraka mijery sarimihetsika, miresadresaka sady misotro kafe, na mitaona azy hanao fanatanjahan-tena... Toa fanao matetika sy tonga ho azy ny fiarahana milalao mandritra ny fifamofaona, saingy mahalana dia mahalana izany rehefa mivady... Indrisy mantsy! Variana loatra isika manontona izay rehetra ananantsika ho amin'ny lavitr'ezaka, hany ka hadinontsika ny tsiron'ny fotoana ankehitriny. Ireo vehivavy izay nanao ilay fanamby dia nijoro ho vavolombelona tamin'ny alalan'ny taratasy fifandraisan'ny mpamaky fa nihalalim-paka sy nivelatra ny fifandraisan'izy ireo! Raha atao amin'ny teny hafa dia "tena nety ilay izy!"

Raha feno loatra ny fandaharam-potoananao dia ampiaraho ny mahaso sy ny mahafinaritra. Nahoana raha miara-mandehandeha aminy no sady manatitra taratasy any amin'ny paositra? Tian'ny vadinao ve ny manadio fiara? Manampia azy mandritra ny fotoana fohy, hankafiziny ny fiarahana aminao sady hahafinaritra azy. Manaova zava-baovao toy ny fanasana azy mandeha misotro kafe any ivelan'ny trano. Any ianareo, na ny finday (vonoy), na ny ankizy, na ny vaovao izay toa tsy azo ialana mihitsy dia tsy hanapaka ny resakareo. Manontania azy ny amin'izay zavatra mahaliana azy: ny asany, ny mpiara-miasa aminy, ny tetik'asany, ny nofinofiny ary henoy izy ary aza alefa amin'ny zavatra hafa ny saina. Tena mila ianarana izany! Rehefa misokatra izy dia aza tapahana mihitsy. Ho avy ny fotoana hitenenanao, fa amin'io fotoana io dia ny fahalinanao sy ny fihainoanao no zava-dehibe. Ny fijerinao feno fahalinana, ny fanontanianao izay hanampy azy hitondra fahazavana misimisy kokoa izay ao an-tsainy, ary ny lantom-peonao dia haneho aminy raha tena mihaino azy ianao. Tahaka ny toy ny fety kely tsy andoavam-bola izay hametraka fahatsiarovana mahafinaritra izany.

Fahaizana mandanjalanja hijanona ho namany rehefa tsy ao tsara izy

Amin'ny ankapobeny ny lehilahy dia tsy tia miresaka olana izay tsy mbola voafehiny. Mila fotoana izy mba hifantohany. Mila fahanginana izy rehefa mitady vahaolana.

Ny fidirana an-tsehatra aloha loatra dia raisina matetika ho toy ny tsy fahatokiana. Mety handratra izany ary hitarika ho amin'ny tsy fifankazahoana. Eny fa na dia amin'izy samy izy aza, tsy mety amin'ny lehilahy ny manoro hevitra mivantana raha tsy efa nomena alalana hanao izany. Ny fitsofotsofohana toy izany dia mety hadikany toy izao: "Ohatra ny dondrona loatra ny fahitako anao ka nanapakevitra aho ny hanome vahaolana ho anao."

Eo amin'ny samy vehivavy kosa dia mifanohitra amin'izany satria raha tojo olana izy ireo dia toa mandeha ho azy ny mifanolo-tsaina sy mifanoro hevitra. Fomba hifanampiana izany, porofon'ny fahalinana, porofom-pitiavana.

Fa nahoana no dia samihafa tanteraka ny hetsika ataon'ny lehilahy sy ny vehivavy? Satria samihafa ny filana! *Matetika ny voninahitry ny lehilahy dia any amin'izay ataony, ny fahombiazany arak'asa sy ara-piarahamonina, filana ao aminy ny hekena. Ho an'ny vehivavy kosa dia any amin'ny fifandraisana no azahoany fifaliana: filana ho azy ny ho tiana.* Mety hisy tsy hitovy tanteraka amin'izany mazava ho azy.

Rehefa tsy vonona ny hizara ny olany ny lahy dia mety hitondra fahasorenana amin'ny vavy izay mahatsapa ao anatin'ny mangina ao fa misy zavatra tsy milamina ao. Ny mpanoratra ilay boky mitondra ny lohateny hoe "Ny lahy avy any amin'ny planeta Mars ary ny vavy avy any amin'ny planeta Venus, M. Grey dia milaza fa mba hitantanana io zava-misy io, ireo reny avy any Inde dia nitantara ity angano ity tamin'ny zanany vavy. Rehefa manana fanahiana na sorena ny lehilahy dia lasa izy mitokana any amin'ny lava-bato. Aza atao mahagaga izany fa mety hiseho indraindray. Izany akory tsy midika fa tsy tia ny vadiny intsony izy. Hivoaka tao ihany izy afaka fotoana fohy. Fa ny zava-dehibe dia ny tsy hanarahana azy any amin'ny lava-batony. Raha sahisahy mandeha mankany ny vavy dia tsy maintsy ho tafihin'ny dragona mpiambina ny lava-bato izy.

Maro ny fifandonana ho voasoroka raha tsy miezaka ny manelingelina ny fitokanan'ny vadiny ny vehivavy amin'ny fananana finiavana mendri-piderana ny hanampy azy. Tsara dia tsara ny tanjona saingy...ny tetik'ady kosa faran'izay ratsy! Tsy fahalalana ny psikôlôjian'ny lahy izany. Amin'ny fotoana izay tena ilany ho irery no niditra an-keriny tao amin'ny tontolony manokana ny vavy. Amin'ny fanotofana azy fanontaniana dia mamoha ny dragona ny vavy ka mitady loza. Ny fiahiana izay nokasainy haseho amin'ny vadiny dia toy ny fanehoana tsy fahatokisana no nandraisany azy.

Mihazona ny maha-mpinamana rehefa fefika aho

Rehefa mody ny vadinao dia metetika tena reraka izy, na noana, na fefiky ny tsindry avy any ivelan'ny tokantrano, nefa tena fifaliana ho azy ny miditra ilay fitsaharan'ny ao an-tranony! Fadio mihitsy ny mitanisa ny lisitry ny zavatra tsy nandeha tamin'izay laoniny eo am-pandraisana azy miditra ny trano: antso an-telefonina nanahirana, ny ditran'ny ankizy, ny fitaovana mampandeha ny rano simba, sy ny hafa tsy voatanisa? Indrindra moa fa sady asehonao amin'ny lantom-peonao ny fahasorenanao dia toy ny mandraraka menaka ao anaty afo ianao! Estera dia nanomana ny fidirany an-tsehatra tamim-pahamailoana sy tamim-pahendrena; tamin'ny fotoana sasany dia nangina fotsiny izy⁴⁹. Eo amin'ny sehatry ny fifandraisana dia misy lafin-javatra izay fahendrena kokoa ny *tsy miresaka azy avy hatrany*.

Raiso ho toy ny vahiny manan-kaja izy! Alohan'ny hanambarany ny filany dia valio mialoha ireny. Afaka manao kilalao izay handraisan'ny ankizy anjara ohatra ianao: izay tonga voalohany eny an-tran'ny dada, izay mahita ny kiraro fitondrany an-trano, na izay mitondra rano ho sotroiny voalohany...sady tsy manary izany! Tiana ve ny ho raisina toy ny mpanjaka vavy? Ataovy toy ny mpanjaka izy!

⁴⁹ Estera 5.7-8

Rehefa mahazo aina sy namerina indray ny heriny izy dia ho afaka *tena* hihaino anao. Zavakanto tena mahavariana ny fandraisam-bahiny ary ianao no handray tombony voalohany avy amin'izany. Tsarovy Estera... *ny lalana mihazo ny fo indraindray mandalo ao amin'ny kibo!*

Mpivady miteny tenim-pitiavana maro!

Fantatrao ve ny tenim-pitiavanao, izay mahakasika ny fonao indrindra? Nofantarinao ve izay mahasorena anao indrindra...sy izay mitondra fahafenoana aminao indrindra! Tsy ho ela dia ho fantatrao izay mifanaraka amin'ny tenim-pitiavanao...Fa ahoana kosa no hahalalana ny tenim-pitiavan'ny vadinao? Ahoana no fomba fanehoany ny fitiavany? Ny azo antoka dia ny teny entiny maneho ny fitiavany dia hifanaraka amin'izay mahakasika azy kokoa. Moa ve amin'ny fisahiranana manampy anao no fomba entiny hanehoana ny fitiavany? Manome teny mamy anao matetika ve izy? Safononoky ny hafaliana ve izy rehefa mampandray anjara anao amin'ny fialam-boly? Sa isan'ireny izay mora voakasiky ny fifampikasohana ara-batana ireny?

Ho hitanao fa tsy voatery hanana tenim-pitiavana mitovy ianareo! Saingy amin'ny alalan'ny fitiavana dia mivonona hianatra tenim-pitiavana hafa! Ary hampianatra ilay silam-panahinao tenim-pitiavana hafa!

Mahari-po ny fitiavana koa tsy isalasalana fa ny fampiasanao ny tenim-pitiavan'ny vadinao no hanombohanao azy alohan'ny hanatonany anao amin'ny tenim-pitiavanao! Koa satria ianao no hanao dingana voalohany dia aza misalasalana maneho miharihary (mila azony tsara mantsy) ny fifalianao manoloana izay mariky ny fandrosoany na izay faran'ny bitika indrindra aza rehefa mampiasa ny tenim-pitiavanao izy. "Ary izao no angatahiko, dia ny mbola hitomboan'ny fitiavanareo bebe kokoa amin'ny fahalalana tsara sy ny fahafantarana rehetra."⁵⁰

⁵⁰ Filipiana 1.9

Fizarana fahenina

Karazana tokantrano efatra

Tamin'ny taona 1992 nandritra ny seminera nihaonan'ny vehivavy anarivony dia voakasika manokana aho ny amin'ny fanoritsoritana ireo karazana tokantrano efatra. Mety hahita ny anao angamba ianao amin'ny iray amin'izy ireo? Ny zava-misy iainany dia ahafahana manakatra ny loharano miaina mitarika ny fifandonan'ilay tokantrano. Ohatra notsongaina an-tsapaka ireo mba hanehoana izay iainan'ny tokantrano sasantsasany.

Tokantrano voalohany: tokantrano tsy misy mandeha amin'izay laoniny!

Ao amin'ity tokantrano ity, na dia nankalazaina tany amin'ny trano fiangonana aza ny mariazy dia samy tsy mpino izy mivady. Samy tototry ny asa izy ireo ka tsy manam-potoana hihaonana intsony. Vetivety dia maty ilay afon'ny fitiavana voalohany. Tsy ela dia tsy nifampiteny intsony, tsy mifankahazo intsony. Claire manatsiaro tena ho ilaozana. Marc kosa mandany ny androny any ivelany satria ao an-tokantranony izy toa tsapany ho mitombo hatrany ny tsy fanekena azy. Mitombo isa ny tsy fifankazahoan-kevitra. Potiky ny fifampiahiahiana ny fifandraisana. Vao tara kely dia efa ratsy ny saina. Tsy inoana intsony ny tenin'ny ankilany.

Tamin'ny fiantombohan'ny fanambadiana dia niaina fahafahan-jaza maro Claire ary dia nahakasika azy lalina izany. Farany dia niteraka zaza lahy roa izy ireo. Tsy afa-bela ihany koa Marc. Toa manenjika azy eny hatrany ny loza, na rehefa mandeha fiara izany, na any an-trano, na rehefa miasa.

Toa ohatra ny ampy ihany ny karama miditra, saingy toa manjavona tsy hita hoe mankaiza ny vola, ary dia tsy nitondra vahaolana mihitsy ny fifanomezan-tsiny. Nampiditra ny rafozana tao anatin'ny fifandonana ihany koa ny findramam-bola natao tamin'izy ireo. Nanjavona ny fifampatokisana sy ny fitiavana.

Lasa niha-alim-pody hatrany hatrany Marc ary asehony miharihary ny fiarahany amin'ny olona hafa. Any an-trano dia miampanga, manaratsy eny indraindray aza dia mikapoka an'i Claire izy. Ho famaliany faty dia nanomboka niaraka tamin'ny lehilahy maromaro hafa ihany koa izy, izay nitarika ady mahatsiravina teo amin'izy roa. Lanian'i Marc amin'ireo vehivavy miaraka aminy ny vola. Claire kosa nivelona tamin'ny fametsifetsena sy findramam-bola tsy misy farany. Nifanontona ny fangidiana anaty vokatra ny tsy fitoerana ho mahatoky sy ny tebiteby hiatrehana ny faran'ny volana. Toy ny zaza tsy misy mpiahy ny ankizy. Tafaroboka amin'ny olona amin'ny fianarana, tsy fanajana ary halatra ilay zokiny. Tsy misy fomba nahafantarana azy intsony satria niharatsy tanteraka ny fitondran-tenany. Mba hividianany zava-mahadomelina dia ny volan'ny reniny no angalariny, fahanany lainga ny reniny ary vitany hatramin'ny fandrahonana azy. Ilay zandriny indray dia asehony amin'ny alalan'ny fahakiviana tanteraka ny olona atrehany, mikombona tanteraka ao anatin'ny fahanginana izy. Tsy azony ny antony andaozan'ny rainy ny ankohonany. Amin'ny fiheverana fa noho ny fahadisoany no mahatonga ny olona ao aminy no hiatrehany ny zava-misy ary dia nisafidy ny fitondran-tenan'ny olona resy izy. Miseho lany hatrany ny tsy fahombiazany ka nandiso fanantenana tanteraka ny reniny izay miezaka mampahery azy saingy tsy misy vokany mihitsy.

Latsaka amin'ny fampiasana ireo pratika mampiahiahy Claire sao mba any no ahitana vahaolana. Notangosan'ilay mpitaiza natoniny ny volany. Tsy azony an-tsaina fa ny fiantsoana fanahy ratsy dia hitondra voka-dratsy amin'ny ankohonany manontolo. Vao maika niha-ratsy ny zava-misy. Tsy mahita tory intsony izy ka voatery nihinana fanafody mitondra fitoniana. Ny vadiky kosa nandao tanteraka ny ankohonany...

Tokantrano faharoa: tokantrano mizara roa

Hélène izay vady mbola tanora dia nahazo tsara fa tia azy Andriamanitra ary mamaly ireo vavaka ataony any amin'ny vondrom-bavaka. Tsy am-pihambahambana no niovary fo ary sambany teo amin'ny fiainany izy no mba nahatsapa izany hoe tena fiadanana. Luc vadiny kosa tsy nanaraka azy, niharatsy hatrany ny zavatra iainany ary nitombo tsy ankijanona tsy hay hoe ahoana ny olany. Vao maraina, raha

iny mbola milamina iny ny zavatra rehetra, amin'ny fotoana hanokafany ny Baiboliny iny na anombohany hivavaka dia manomboka mitomany ny zaza. Handeha ho any am-piangoana ve izy? Ny vadiny izay namela azy malalaka teo aloha, tampotapoka teo lasa nanakana. Ny ady sy ny fanaratsiana tsy nampitombina azy: fa maninona izy no manao toy izany? Very hevitra izy manoloana ny fanesoana ataon'ny namany azy. Kilasina ho toy ny mafana fo amin'ny zavatra tsy misy dikany izy! Miezkaka mamerina azy amin'ny "lalana marina" ny fianakaviany. Ho fanampin'izany rehetra izany dia nanomboka nivoaka isaky ny sabotsy hariva ny vadiny. Nahatsiaro tena ho irery izy. Toa tsy misy olona mahazo izay zavatra iainany mihitsy.

Kivy tanteraka izy ka vonona ny hamoy ny zavatra rehetra: ny fiangonana, ny vadiny, ny ankohonany! Toa tapi-dalan-kaleha izy. Na izany aza anefa noho ny amin'ireo zanany dia nitoetra tsara izy ary niezaka nifikitra tamin'ny Tompo na inon-kidona na inon-kihatra. Ny tena nampahory azy dia izy tsy maintsy nisaraka tamin'ny ankohonany ara-panahy, satria tsy navelan'ny vadiny hamonjy fivoriana intsony izy. Nitaraina tamin'ny Tompo izy ny mba hovanjy amin'izao nofy ratsy izao. Saingy toa tsy azo eritreretina izany satria tsy nisy fifampiresahana intsony teo anivon'ny tokantranony. Ahoana no hivoahana amin'izao? Ny fihetsiny manokana dia vao maika nampitombo ny hatsana teo aminy sy ny vadiny. Nanamelona tena izy ary tsy manan-kery hamela heloka. Mbola hisy finamàna azo antenaina ve manoloana ny zava-misy toy izany?

Tokantrano fahatelo: tokantrano feno lonilony

Sady mazoto no feno fanoloran-tena amin'ny finona Gabrielle. André vadiny, loholona ao amin'ny fiangonana indray dia tena ankasitrahany olona noho ny fahaizany mandanjalanja. Ny fianan-tokantranon'izy ireo kosa anefa toa miovaova be ihany ka nampahory an'i Gabrielle. Ny vadiny voatery nisotro ronono alohan'ny fotoana ary dia mijanona ao an-trano saingy tsy mandray anjara mihitsy amin'ny fikarakarana tokantrano. Fa ny tena anatsiniany azy dia noho izy tsy miresaka aminy mihitsy, indrindra moa fa toa any amin'ny alikany no izarany ny fitiavany rehetra!

Trotraka tanteraka izy satria miandraikitra ny ao an-tokantrano, miasa any ivelany sady miantsohoka ireo andraikitra maro samihafa eo anivon'ny fiangonana. Mba faniriany fatratra ny hanampian'ny vadiny azy, na dia mangorom-bilia fotsiny ihany aza. Etsy an-kilany, André kosa mihevitra fa tsy manao afa-tsy maneritery sy manome tsiny azy Gabrielle, ary tsy mihaino azy mihitsy raha mba misy zavatra asaina ataony.

Amin'ny maha-samy kristiana feno fanoloran-tena azy ireo dia tsy mieritreritra ny hisaraka izy ireo, saingy tena mandalo fotoan-tsarotra ny maha-mpinamana azy ireo.

Tokantrano fahefatra: tokantrano miorina eo ambony vatolampy

Mahalala ny fitiavan'Andriamanitra i Jean sy Christine. Nihalalina arakaraka ny fandrosoan'ny taona ny finamàn'izy ireo satria neken'izy ireo ny heriny sy ny fahalemeny avy. Tsy zary lasa loharano miteraka fifandirana intsony ny fahadisoana madinidinika mahazo ny ankilany, eken'izy ireo ny fahasamihafany. Natsahatr'izy ireo ny fifananarana amin'ny alalan'ny fifanomezantsiny. Ekena ho toy ny harena ny fahasamihafan'ny fomba fitaizana azy ireo ankehitriny izay matetika nandratra tany ampiandohan'ny fanambadiany.

Mazava ho azy fa tsy tanteraka avokoa ny zavatra rehetra, mbola misy fanamby atrehana hatrany: fiovana fandaharam-potoana tsy nampitaina mazava tsara, tsy fitandremana, tsy fitovian-kevitra manoloana ny fifehezana ny ankizy. Saingy miara-mivavaka hatrany izy ireo isanandro, manokatra ny Baiboly mba hiaina azy amin'ny fomba tsaratsara kokoa hatrany. Mamaha ny olonan'ny fahasorenana mety hiseho mandritra ny andro ny fifampiresahan'izy ireo. Nahafahan'izy ireo nampiorina ny fitiavany, sy raha ilaina hihavanana izany ary namerina hatramin'ny voalohany indray ny zavatra rehetra.

Nampitombo avo folo heny ny fahombiazan'ny vavaka nataon'izy ireo izany dingana izany. Tamin'ny voalohany dia nivavaka tsirairay izy ireo, ankehitriny kosa nivavaka amin'ny fiombonam-po izy ireo,⁵¹

⁵¹ Toy ny fo iray no mitempo rehefa miara-mivavaka izy ireo.

Toy ny *fo iray* no mitempo rehefa mivavaka izy ireo. "Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any andanitra izany."⁵² Nanome azy ireo fahefana nampadositra ny devoly izany fiombonana izany.

Tamin'ireo taona voalohany niarahany dia ningonongonona fotsiny Jean niteny hoe "azo ohanina" nanoloana ny sakafo matsiro nokarakarain'i Christine. Ankehitriny kosa dia amin-kafanam-po no anehoany ny fisaorany. Miezkaka mihitsy izy ny hanao izay hahafinaritra ny fandehanana fiara. Mijanona izy indraindray, tsy misongona izy amin'ny toerana mety mampidi-doza ary dia mampitony an'i Christine izany. Izy kosa etsy an-daniny manao ny ezaka rehetra mba ho ara-potoana ary mitazona ny teniny rehefa manolo-tena ho amin'ny tetik'asa iray. Ireny fihetsika kely maneho fiheverana ny hafa ireny no fomba entin'izy ireo miteny hoe: "Tiako ianao."

Ao amin'ity tokantrano ity dia mety niseho ho tsy rototra sy tsy taitra mihitsy ralehilahy manoloana ny vadiny izay tena tia mandray andraikitra sy manomboka tetik'asa vaovao. Saingy arakaraka ny nandrosoan'ny fotoana dia hitan'izy ireo fa tena mahagaga ny fomba fifamenoan'izy ireo. Rangahy izay somary tsy taitaitra (flegmatique) dia niaro an-dramatoa izay sahisahy diso tafahoatra manoloana ny fanamby atrehany! Nekeny tanteraka ny lanjan'ny fahafahana mamantatra tao amin-drangahy. Ho valin'izay kosa, ramatoa dia mampita aminy fahatokiana sy fahavitrihana ary mampahery azy handray andraikitra manoloana ny asany sy ao amin'ny fiangonany. Natoky azy ramatoa ary hainy tsara ny nanetsika ny fahasahiany mba hiroso.

Amin'ny fotoana izay hialan'izy ireo voly dia manao fitsangatsangana lehibe izy ireo, miaraka amin'ny antoko mpihira ary indrindray mandeha mankany amin'ny toerana fitsangatsanganana misy ireny karazam-biby mivelona any anaty rano ireny. Mitana ny toeran'ny tompon'andraikitra i Jean ankehitriny ao amin'ny orin'asany. Ny tokantranon'izy ireo izay tena misokatra dia mampitsiry hetaheta hizara ny finoany. Tena azo atao ny mametraka fahatokiana amin'izy ireo. Manana fijoroana vavolombelona tsara ny zanak'izy ireo satria hita taratra eo amin'izy ireo ny fiainam-piankohonana mifandanja. Maro amin'ny naman'izy ireo no nanatona an'i Kristy.

Mamerina indray izay efa very

Raha amin'ny maha-olombelona dia miafara amin'ny tsy fahombiazana hatrany ireo tokantrano telo voalohany nosoritsoritina teo. Saingy ireo zava-misy tsirairay ireo dia samy mety hanana fihafarana hafa mihitsy. Miraikitra tanteraka ao am-po lalin'ny tokantrano tsirairay avy ao ny hetaheta hitia sy ho tiavina. Na dia efa very aza ilay afom-pitiavana niredareda tany am-piandohana dia samy maniry ny hahita indray ilay hery nampifanantona azy izy ireo.

Tsaroako ity mpanao gazety iray izay nanao tatitra mahakasika seminera momba ny fanambadiana. Nanontanian'ny mpiandraikitra izy ny amin'ny fiainany manokana miaraka amin'ny vadiny. Tampahatsorana no nilazany fa mifanenjana ny fifandraisan'izy ireo. Nisy nanontany izy ny amin'ny fomba nifandraisan'izy ireo tany am-piandohana. Tsy nisy azo niasalasalana mihitsy ny valin-teniny feno fahalemem-panahiny nanao hoe: "Tonga lafatra". Tena hita ho manimanina mihitsy izy tamin'ny fomba fiteniny, ohatra ny mahita an'i Adama niverina nijery ny paradisa izay nilaozany izany.

Ho an'ireo rehetra izay mitady vahaolana dia sahiko ny milaza, (tsy amin'ny anarako anefa, fa amin'ny anaran'ny Tompo): tena misy ny vahaolana! Azo atao tsara mihitsy ny mianatra mitia sy ho tiavina. Raha atopatopan'ny onjan-drano toy ny sambo tsy misy familiana ireny ny tokantranonao ankehitriny... na mety efa rendrika mihitsy aza, dia mahereza! Mbola azo atao tsara ny mamerina indray izay efa very. Na toa inona na toa inona ny endriky ny tokantranonao dia tena azo atao ny manova azy.

⁵² Matio 18.19

Fizarana fahafito

Mikolokolo ny hazon'ny ankohonana

Mivoaka ny tokantrano tsy misy mandeha amin'izay laoniny

Amin'ity karazana tokantrano ity dia noraisin'izy mivady avokoa izay hevitra rehetra akoatra izay avy amin'Andriamanitra. Noho ny fanilihana ilay nahary ny fanambadiana dia nametraka ny tenany amin'ny hatsana mampidi-doza izy ireo. Manjaka toy ny tompo ao amin'io tontolo mandratra izay ifandaingana sy ifandrotehan-draolombelona io ilay "Mpampisaraka". Mitarika ho amin'ny fisarahana ny tsy fitoerana ho mahatoky sy ny lainga. Trosa sy fahafonganana no vokatry mampalahelo entiny.

Mba hahafahana miaina ny fitsanganana amin'ny maty dia mila omena an'Andriamanitra fiainantsika izay efa potipotika. Tonga hanala antsika eo an-tananan'ilay nandroba ny fisiansika Jesosy. Ho famonjena antsika dia niaina ny afoben'ny fanombohana tamin'ny hazo fijaliana izy.

Mitaky fanapahankevitra hentitra izany fitiavana feno sy tanteraka izany. Safidy izay hanova ny fiainanareo sy ny fiainan'ny zanakareo. Hanafaka anareo amin'ny vesatry ny lasa izy. Raha mbola tsy nandray izay fanapahan-kevitra izany ianareo dia azonareo atao izao ankehitriny izao izany. Teneno tsora amin'ny fomba feteninareo izany:

- Ray o! mamela ny fitondrantenako taloha izay feno fitiavan-tena ary ovay ny foko. Omeko anao ny fiainako izay efa potika sy rava, raiso, ovay ary meteza ho Tompon'ny fiainako!

Ho famonjena fanambadiana efa potika sy rava, ny dingana voalohany dia ny fivevenana amin'Andriamanitra. Mazava ho azy fa ny fanarenana indray ny tokantrano tsy misy mazia mazia, saingy io no teboka fiaingana ho amin'ny tena famerenana amin'ny laoniny ny fahasalamana. Tsy ho irery intsony ianao amin'io lalana io. Horesahiko misimisy kokoa izany amin'ny fizarana manaraka.

Afaka manasitrana ireo ratrano Andriamanitra ary manome anao fanalahidy haka indray ireo taninao izay noezahin'ny fahavalo nangalarina taminao. Maro ny tokantrano no tafarina indray rehefa niova tompo. Fa na dia eo aza ny faharetanao amin'ny fivavahana, nefa ny vadinao te-hiaina tsy mila an'Andriamanitra ary mandà hanohy hifampizara fiainana aminao dia miteny amintsika toy izao ny Baiboly: "Fa raha ny tsy mino no miala, aoka hiala izy. Na rahalahy na anabavy dia tsy voafehy amin'izany; fa Andriamanitra efa niantso antsika amin'ny fihavanana."⁵³

Vahaolana ho amin'ny tokantrano mizara roa

Rehefa jerena akaiky ny mponina amin'ity tokantrano faharoa ity dia tsy voavaha avokoa ny olana tamin'ny fiovam-pon'iray tamin'izy ireo, toa vao maika nihasarotra aza! Ao amin'ity tokantrano ity dia efa vonona ny hampitsahatra ny zavatra rehetra Hélène satria hatramin'ny nisafidianany hanara-dia an'i Kristy dia toa tsy nisy mandeha tamin'izay laoniny ny zavatra rehetra. Noho ny amin'ny ankizy ihany sisa no nampijoro azy. Misy dingana hafa ve mba hanarenana indray ny fifandraisana sy hahatonga azy ho namana akaiky indrindra ho an'ny vadiny?

Tamin'ny fihainoana ny fijoroana ho vavolombelon'ity ramatoa vadina minisitry iray dia nisokatra ny sain'i Hélène momba ny zava-misy marina mahakasika ny ady ara-panahy. Azony fa misy hery roa mifanandrana ao amin'ny tokantranony: ny an'i Kristy sy ny an'ilay ratsy izay miezaka mamotika ny tokantranony. Mitaona ny vadiny hanao fitondrantena ratsy ilay ratsy *mba tsy hahatonga izay ataon'ny vadiny sy ny vavaka ataony hitondra fiatraikany eo aminy*. Azon'ity vadina minisitry ity fa *diso fikendry izy raha any amin'ny vadiny no miantefa ny fahasorenany*: ny fahatezerany manoloana ny fijangajangan'ny vadiny tsy mitarika afa-tsy ho an'ny amin'ny fisarahana aminy misimisy kokoa hatrany. Ny tena marina dia efa tena tafaraikitra tanteraka ao amin'ny fitsiriritana izy ka tsy azony antsaina intsony ny fitondran-tenany. Nanomboka nifady hanina sy nivavaka izy mba hamatorana ny fanahin'ny

⁵³ 1 Korintiana 7.15

fahalotoana izay nifehy ny vadiny⁵⁴. Tsy vitan'izany fa nanapakevitra ny hanova fitondran-tena ity vehivavy manan-kaja ity. Raha ny mahazatra dia vehivavy manjakazaka sy tezetezi-poana izy saingy nanomba naneho fihetsika hafa mihitsy. Ny herisetra valiany halemem-panahy, ny fitiavan-tena valiany fahatsoram-po, ny fankahalana valiany fanandratana. **Maneho hetsika amin'ny alalan'ny fanahy mifanohitra** no iantsoany izany. Ankehitriny rehefa miditra ny trano ny vadiny dia tsenainy miaraka amin'ny zava-pisotro manala hetaheta ary avelany hamaky tsy misy fanelingelenana ny gazetiny izy. Maneho endrika falifaly izy mandritra ny sakafo fa natsahany ireo teniteny mifono fanomezantsiny sy fitarainana! Nanadihady mahakasika ny tetik'asan'ny vadiny izy, na koa nanantoany vaovao mahakasika ny fivoriana ny minisitry farany natrehany. Zary lasa fahafinaretana ho azy ny nikarakara ny vatany sy nampiasa ranomanitra. Gaga tanteraka ny vadiny noho izany fiovana goavana izany. Tsy nisy fanomezan-tsiny intsony, lasa tia mikarakara sy feno tsiky ny vadiny! Tao aorian'ny dimy ambiny folo andro niainana izany fomba fiaina izany dia hoy izy: "Raha toy izany no atao hoe fivavahana kristiana dia hanaraka anao ho any am-piangonana aho amin'ny alahady manaraka!" Nanindrona ny tsy firahirahian'ny vadiny ny ady ara-panahiny sy ny fitondran-tena vaovaon'ity ramatoa ity.

Nieritreritra ny amin'ny fitondran-tenany manokana Hélène: rehefa mody alina Luc rehefa asabotsy alina dia maneho fihetsika faran'izay ratsy izy. Ny ampitso dia saziany amin'ny alalan'ny fidongiana ny vadiny, na tontorany fanomezantsiny ary mazava ho azy manda tsy mety hanao ny fomban'ny mpivady izy. Vao maika niharatsy ny zava-misy. Tsy azony an-tsaina fa niditra tao amin'ny kilalaon'ny fahavalo izy, vokany dia nandositra ny tokantrano Luc.

Fantany ankehitriny fa tsy eo amin'ny sehatra maha olombelona ny adiny (ady amin'ny vadiny) fa ady atao amin'ny Fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'ny fahamaizinana izao⁵⁵. Azo atao anefa ny mibata fandresena satria mahery ny Tompo izay velona ao anatiny noho ny fanapahana izay entin'ny herin'ny ratsy miasa ao amin'ny fon'ny vadiny⁵⁶. Rehefa nahazo fahazavana izy dia nanangona ny heriny ary nirotsaka an-tsehatra amin'ny ady. Mbola misavoritaka ambony ambany ihany ny zava-misy, saingy niroso tamim-paharetana izy ary namaly ny ratsy tamin'ny soa. Rehefa mody aliny izy...tsy misy fimenomenomana na fihetsika hafa, tony tsara izy ary ampitomboiny avo roa heny ny vavaka ataony ho an'ny vadiny ao am-pony mangina ao.

Nanome azy fahasahiana haneho **fitondran-tena vaovao** ihany koa ny fanoloran-tenany amin'ny fifadian-kanina sy ny vavaka. "Efa renareo fa voalaza hoe: " Tiava ny namanao", ary mankahalà ny fahavalonao. Fa izaho kosa milaza aminareo hoe: **Tiava** ny fahavalonareo, ary **mivavaha** ho an'izay manenjika anareo"⁵⁷. Fomba fijery tena vaovao tanteraka ity fitiavana tsy misy fepetra ity. Tsy azo eritretina mihitsy ny hiainana izany raha tsy misy an'Andriamanitra, manan-kery handrava ny efitry ny fisarahana io fitiavana omban'ny herin'Andriamanitra io.

Tahaka ireo izay vao niova fo maro dia nanenjika fivoriana kristiana maro Hélène ary tsy azony an-tsaina ny fikorontanan'ny ankohonany sy ny tokantranony nateraky ny tsy naha-tao an-trano azy matetika. Zary toa lasa loza manambana ho an'ny vadiny ny fiangonana: nangalarin'ny fiangonana ny vadiny. Tamin'ny fandrarana ny vadiny tsy hanatrika izay mety ho fivoriana kristiana no nentiny namaly izany. Tsy vitan'izany fa sorena amin'ireo anatantra tsy misy farany ataon'ny vadiny aminy izy. Nahatafitohina azy loatra ilay fihetsika feno fanomezan-tsiny tsy misy farany ka naleony nandeha nivoaka ny trano nisotro sady ho fanehoana ihany koa fa olona afaka izy!

Nanova tetik'ady anefa Hélène: Ny fanompoana no fiadiana miafina nampiasainy... Tenim-pitiavana miasa mangina izay nitarika azy hanatona ny vadiny. Moa tsy efa niteny ve Petera fa azo atao ny mitaona ny vady *tsy amin'ny teny* fa amin'ny fahadiovan'ny fitondrantena amin'ny fahatahorana⁵⁸? Nanokatra ny mason'ny vadiny ny fomba nandaminany ny tokantranony sy ny fomba nikarakarany ny

⁵⁴ Mba hahazoanao misimisy kokoa ny amin'ny ady ara-panahy, vakio ny boky nosoratan'i Neil Anderson, Edisiona Clé mitondra ny lohateny hoe « Le libérateur"»

⁵⁵ Efesiana 6.12

⁵⁶ 1 Jaona 4.4

⁵⁷ Matio 5.43-45

⁵⁸ 1 Petera 3.1-2

sakafony. Tsapany fa mbola tiana hatrany izy. Nanomboka nahita fiovana ramatoa, ary navelany handeha tany am-piangonana aza izy in-dray mandeha isan-kerinandro. Tsy avy dia niova avy hatrany anefa ny zava-misy fa nandeha tsikelikely, nisokatra tamin'ny asan'Andriamanitra rangahy, ary taona vitsy taty aoriana dia niova fo izy.

Ny ampahany lehibe indrindra amin'ny vaingan-dranomandry any anaty ranomasina dia tsy hita-maso... Toy izany ihany koa ny fambaboana, na fambaboana indray ny fadintsika dia zavatra misoko mangina: amin'ny alalan'ny vavaka no isehoan'izany. Saingy ny faritra hita mason'ilay vaingan-dranomandry kosa dia zavatra pratika toy ny hatsaran-tarehy, ny fanompoana, ny toetra maha-te-ho tia izay maneho fahasamihafana sy vokatr'ilay faritra miafin'ny fiainantsika. Ao amin'Andriamanitra no miorim-paka ny hery ho entina manana io fitondrantena io fa tsy amin'ny fanenjehana *fivoriana kristiana maro*. Azo heverina ho toy ny vitamina atao fanampin'ny sakafo ihany izy ireny saingy mila lanjalanjaina tsara mba tsy hanimba ny fifandanjana eo anivon'ny tokantrano. Raha maka toerana be loaatra amin'ny fandaharam-potoanan'ny ankohonana izany dia mety ho lasa sakana goavana ho an'ny iray izay mbola tsy niova fo.

Hain'Andriamanitra ny manome aingam-panahy antsika ho fitahiana ny vadintsika. "Manomeza dia homena ianareo". Mahavariana ny kajin'Andriamanitra. Tsy misy idirany amin'ny kajy tsotra fotsiny izany, rehefa mihaino ny fomba fikajian'Andriamanitra isika dia lasa vavolombelona manaitra, feno fitiavana sy fahendrena.

Mamerina indray ny fiainana ao amin'ny tokantrano

Ny alika aza voakarakara kokoa noho ramatoa! Manana zo hihaino ny tsiambaratelon'ny vadiny izy farafaharatsiny... Miaina fiainana tsy misy fifandraisana miaraka amina vady kristiana Gabrielle. In-dray andro dia tapakevitra izy noho ny farany ny hiresaka izany amin'ny vadin'ny mpitandrina. Rehefa nihaino azy nandritra ny fotoana maharitra ny vadin'ny mpitandrina dia nanolo-kevitra azy ny hanomboka hanao lisitra ireo "zavatra tsara" ataon'ny vadiny aminy. Tsy nahita na inona na inona hosoratana izy tao anatin'ny fahasorenany! Saingy nanampy azy hanao lisitra ny mpanolo-tsaina azy:

- Mitoetra ho mahatoky izy ary tsy mbola namadika azy.
- Tsy misotro izy ary tsy mandany ny volan'ny ankohonana amin'ny zavatra mampafana fo azy.
- Manatanteraka ny teny fampanantenany izy ary tsy mandainga.
- Raim-pianakaviana tsara izy ary tia ny zanany.
- Mahitsy, marina ary manaja fandaminana izy.
- Tsy mbola nikasi-tanana azy izy na dia mety ho latsaka amin'ny herisetra amin'ny alalan'ny teny aza indraindray.

Nanolo-kevitra azy izy ny hisaotra an'Andriamanitra noho ireo "lafin-javatra tsara ireo", ary hamadika io vavaka io ho taratasy alefany any amin'ny vadiny. Toy izao no ho fisehon'izany taratasy izany:

- Hasehony azy ireo toetra tsara izay hitany eo aminy ary hampatsiahiviny azy ireo fotoana mamy niarahan'izy ireo nifampizara fiainana sy izay nahatonga azy ireo ho voasarika ka resy lahatra hiaraka.
- Tohizany amin'ny filazana aminy izay mahatezitra azy sy mampahory azy ihany koa ny hafatra an-tsoratra ataony: ny tsy fisian'ny fifandraisana, ny fahatsapana ho iharan'ny tsy rariny amin'ny fitsinjarana ny raharaha, ny fiheverana ho tsy ampy fankasitrahana manoloana ny fanolorantenany.

Mba hahatonga azy ho henoin'ny vadiny dia miezaka tsy mampiasa fehezan-teny manomboka amin'ny "ianao" manameloka izy. Ataony kosa izay hanehoana izay ao am-pony amin'ny alalan'ny fampiasana ny "izaho" na "ko": "izao no tsapako...", izao no iaretako... Ny fanamelohana ny vadinao ho kamo, mangatsiaka na tia tena mantsy dia tsy manao afa-tsy hitarika azy hanamari-tena sy hihidy amin'ny fahorian'ny hafa. Ny fehezan-teny tsirairay avy dia mila ahitana ny fampiasana ny "izaho" amin'ny fomba marina sy mahitsy.

Ho fanampin'izany, ny fanomezan-tsiny rehetra dia tokony ho voaporofa amin'ny alalan'ny zava-misy marina amin'ny fisorohana ny fandriky ny fanamelohana safobemantsina na mitompo teny fantatra toy

ny hoe: “Tia tena loatra ianao. Tsy manao n’anon’inao mihitsy ianao... Io alika io ihany no mahaliana anao.” Tsia, mila atao mitombina tsara izay zavatra ambara, aorina amin’ny zava-misy ary tsy ampiana fanamarihana mandratra: “Tamin’izaho tonga tato an-trano omaly, rehefa nahita ny latabatra nikorontana be aho, ny vilia tsy mipirina dia tena kivy tanteraka aho, nahatsiaro ny tenako ho navela ho irery aho.”

Tsy mora mihitsy anefa ny manao izany. Efa zatra loatra ny mamoka teny feno fanamelohana izy, toy ny hoe: “Tsy mihevitra ny hafa mihitsy ianao!” “Tsy mijery afa-tsy ny tenanao ianao.”

- Aorian’ny fijerena izay miabo sy miiba dia afaka milaza izay zavatra andrasany amin-drangahy izy. Indrindra moa fa raha maneho hevitra tsy amin’ny fivazavazana, na amin’ny fanafihana izy dia azo antoka ny hihainoana azy! Eto dia fanehoana faniriana mazava sy voafaritry ao anatin’ny fotoana no atao. “Tiako raha mba miaraka amiko mandeha mividy entana any antsenana ianao isaky ny sabotsy mandritra ny iray volana.” Atao mazava tsara ao amin’ny fangatahana ny iza, inona, oviana, aiza.
- Nanolo-kevitra azy ihany koa ilay mpanolo-tsaina azy ny hamarana ny taratasiny amin’ny filazana ny fanenenany noho izy naneho fahatezerana matetika sy nirefotra ka tsy nahafahan’ny vadiny naneho ny heviny akory.

Izay no fotoana voalohany nisokafany toy izany. Nekeny tao amin’ny taratasiny fa olona tena marefo izy. Hanao ahoana ary ny handraisan-drangahy izany?

Tena voakasika André teo am-pamakiana ny taratasiny, tsy mbola nandray hafatra lalina sy feno fahatsoram-po tamin’ny vadiny toy izany izy nandritra ny roapolo taona! Nangataka fotoana kely taminy izy ho famaliana ny taratasy. Anjarany indray izao, rehefa nampian’ny mpitandrina azy ny hanoratra amin-dramatoa mahakasika izay ankasitrahany eny aminy: ny fahitsim-pony, ny hakingakingany, ny fanoloran-tenany. Notsoriny taminy ihany koa ny fomba niainany ny zava-misy: nahatsiaro tena ho natao tsinontsinona izy indraindray, kivy tanteraka izy satria tsy hainy intsony ny fomba hanarenana indray ny zava-misy. Nambarany taminy ihany koa izay zavatra andrasany ary narahany fanehoana ny fanajany ny ankohonany izany.

Fitiavana marina

Nifanaiky izy roa fa hanao fanandramana mandritra ny efatra herinandro, mandritra izany dia samy hiezaka ny hamaly ny fanirian’ny an-kilany avy izy ireo. Nanaiky ramatoa ny hikarakara tsara ny sakafo izay nizaka ny tsy eran’ny aina noho ny tsy fifankazahoan’izy ireo. Rangahy kosa nanaiky ny hanampy azy hiantseana isaky ny sabotsy. Niaraka nisotro kafe toy fanaony fony mbola mpifamofo izy ireo! Nahatsiaro fahafenoana ramatoa ary nanampy azy hiresaka malalaka ny zavatra rehetra tamin-drangahy izany. Ireo dingana kely ireo dia maneho fa: “Manan-danja loatra eo imasoko ianao ary rariny loatra raha miezaka manao izay mahafinaritra anao aho.” Taorian’io vanimpotoana fanandramana io dia nanao jery todika izy ireo ary nahita fa ny fifanantonana akory tsy zavatra tsy azo tanterahina araka izay niheverany azy. Nanomboka teo ny dingan’ny fanasitranana.

Aiza no toerana misy anareo?

Raha hitanao tamin’ny iray amin’ireo tokantrano ireo ny zava-misy ao aminao dia azo heverina fa manana faniriana ny hampihatra ireo fitsipika ireo ianao mba hiainana fahasitranana feno sy honina ao amin’ilay tokantrano fahefatra izay hahatonga anareo ho vavolombelona ho an’ny zanakareo sy ny manodidina anareo.

Amin’ny fizarana manaraka dia hofenoiko ity lohahevitra ity amin’ny firesahana mahakasika lova arapanahy. Tsy dia mahazatra antsika loatra io lohahevitra io saingy tena zava-dehibe miantoka ny firindran’ny fifandraisana eo anivon’ny ankohonana izy io.

Fizarana fahavalo

Afaka mba hanafaka!

Ny fandresena anaty no tokony hialoha ny fiatrehana ny ady

Andeha hojerentsika akaiky ny lalan-tsarotra nodiavin'i Estera. Rehefa notandindomin-doza izy dia tsy maintsy nanao hetsika. Nivangongo teo aminy ny raho-mitatao noho izay nataon'i Hamana ilay mpiraiminisitra be hambo sy tena ratsy fanahy. Tamin'ny alalan'ny didim-panjakana no nanerena ny olona rehetra tsy maintsy handohalika eo anatrehany. Ny olona rehetra? Tsy mahalala an'i Mordekay marina izy izay tsy hiankohoka na amin'iza na amin'iza afa tsy amin'Andriamaniny irery ihany. Tsy levon'ny vavonin'i Hamana anefa izany ka nanapakevitra ny handringana azy sy izay rehetra mitovy fihaviana aminy izy. Tamin-kafetsena no nampanaovany sonia ny mpanjaka lalana ho fandranganana ny vahoaka jiosy.

Vatany vao nandre izany Mordekay dia nandefa dika mitovy tany amin'ny mpanjaka vavy, ary nanery azy hanatona ny mpanjaka hitady famindrampo. Niahotra anefa Estera satria raha tsy misy fiantsoana ofisialy dia mety ho voaheloka ho faty izy raha tsy mandray azy am-pitiavana ny mpanjaka. Iray volana izay izy no tsy nihaona tamin'ny vadiny...henjana dia henjana ihany koa ny fifaninana teo amin'ireo vehivavy samy tompom-bady.

Tsy nitsahatra nanery azy anefa Mordekay, ka hoy izy taminy: "Aza manao anakampo fa ho afaka mihoatra noho ny Jiosy rehetra ianao, saingy ao an-tranon'ny mpanjaka; fa raha hangina mihitsy ianao amin'izao andro izao, dia hisy fahafahana sy famonjena hiseho avy amin'ny fitoerana hafa ho an'ny Jiosy... Ary iza no mahalala, fa angamba ho amin'izao andro izao mihitsy no nanandratana anao ho amin'ny fanjakana?⁵⁹ Resy lahatra ary dia nanaiky ny fangatahana nataon'ilay ray nanangana azy izy. Azo antoka fa tena mihoatra izay eritreretiny ny ady tsy maintsy hatrehany. Tsy hiady amin'ny nofo sy ny ra izy, fa hiady amin'ny Mpanjakan'ny fahamaizinana izay miasa ao amin'ny takona mba hamono sy handringana. Noho izany dia nangataka ny Jiosy tao amin'ny renivohitra izy mba hiombona aminy amin'ny vavaka fifadian-kanina mandritra ny telo andro.

Nandritra ny vavaka nataony no nahalalany fa ny fahavalony voalohany indrindra dia mitapify ao anatin'ny mangina ao. Tsy inona io fahavalo io fa ny tahotra izay manakana azy tsy hiady. Toa ila tsy ho zaka ny manohitra ny tahotra ao anatin'ny tena ao! Inona ary no hatao? Tamin'ny fiderany an'Andriamanitra dia nandray fanambarana vaovao mahakasika an'Andriamanitra Estera. Ny heriny sy ny fitiavany tsy misy fetra no mamafa ny tahotra rehetra ao amin'ny olombelona. Manome fahasoavana ho an'izay mitady Azy Andriamanitra.⁶⁰

Mety tsy hitovy amin'izany ny olana tsy maintsy atrehako, saingy *ny fandresena anaty* no tokony *hialoha ny ady*:

- Fialonana izay manova ny tena zava-misy?
- Fangidiana anaty izay manajamba ny maso?
- Fahadisoam-panantenana izay mandrava izay rehetra andrandraina?
- Fitserana ny tena izay mandrodana ny fahatokiana an'Andriamanitra?

Aiza no misy ny sakana? Raha misy fahazarana na fahalemena miendrika fahalotoana manapoizina ny fiainako dia mila esoriko amin'izy ireny izay mety ho endrika fialan-tsiny rehetra ary manaiky ny hampiharihariana azy ireny aho. Ny tanan'Andriamanitra tsy fohy fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana fa mahare ahy, tia ahy amin'ny fahalemem-panahy izy. Tsy avelako hitondra fisarahana eo amiko sy aminy ny fahotana⁶¹. Amin'ny famelana Azy hamantatra ny foko dia ho afaka ny hiaiky aminy ny fahatezerako, ny avonavoko, ny fangidiana anatiko sy izay ota miafina rehetra aho, raha misy

⁵⁹ Estera 4.13-14

⁶⁰ Jakoba 4.6

⁶¹ Isaia 59.1-3

izany. Rehefa voadio sy voasasan'ny ran'ny zanak'ondry aho dia ho afaka hiatrika amim-pahadiovam-po ny fahavalo.

Rehefa niomana sy nampaherezin'ny Tompo Estera dia nanatona ny mpanjaka ary nahazo famindram-po tamin'ny ka nanaiky ny fanasana nataony ho amin'ny lanonana nomaniny. Nandritra ny sakafy, rehefa nanontany azy ny amin'izay iriany ny mpanjaka, sady nanome toky fa hotanterahiny ny fangatahany, dia nanomboka nidobodoboka ny fony. Toa ohatra ny tena vonona tanteraka ny mpanjaka! Moa avelany handalo fotsiny ve izao lalana misokatra izao? Tsy fantatra izay antony, fa tsy mbola avy hatrany dia niteny izy, fa mbola nanasa ny vadiny indray ho amina lanonana faharoa. Tsy azony antsaina ve fa mifandray fatratra ny teny hataony ny mpiray firenena aminy rehetra? Eny mazava ho azy! Saingy efa nafahana tamin'ny tahotra mpahazo ny olombelona sy ny fampahoriany izy. Niaina tanteraka ny fanatrehan'Andriamanitra izy ka voarainy ny toromariky ny Tompo manao hoe: "Aoka aloha, mbola tsy izao." Ary dia nangina izy.

Ny alina manaraka dia tsy nahita tory ny mpanjaka. Nasainy novakiana tamin'ny ireo tahirin-tsoratra milaza ireo zavatra niseho faraparany teo amin'ny fanjakana. Nampatsiahivina azy fa namonjy azy tamin'ny fikasana hamono azy Mordekay, ary tsikariny fa mbola tsy nomena mari-pankasitrahana ity farany! Noraisin'ny mpanjaka ho adidy noho izany ny hanitsy izany tsirambina tsy azo ekena izany! Ny ampitso dia nomeny baiko Hamana ny hitondra amin'ny fomba manetriketrika an'i Mordekay eo ambony soavalin'ny mpanjaka sady mitafy ny fitafiam-panjakana. Tena fanaovana tsinontsinona azy amin'ny maha-praiminisitra azy mihitsy izany, ary dia nody tany an-tranony izy sady naratra mafy. Saingy mbola tsy tonga ny fotoana hanambarana ny tena fanapahana farany, indreo tonga eo am-baravarany ny iraky ny mpanjaka hitondra azy ho any amin'ny lanonana faharoa nomanin'i Estera...

Teo am-pizarana ny divay dia nangataka tamin'ny vadiny izay iriany ny mpanjaka, ary nampiany fa vonona hanome izany hatramin'ny antsasaky ny fanjakany izy! Tsotra ihany no navalin'ny mpanjaka vavy azy: "Raha mahita fitia eto imasonao ary aho, ry mpanjaka, ka sitraky ny mpanjaka, dia aoka homena ahy ny aiko araka ny fifonako ary ny fireneko araka ny fangatahako; fa namidy izahay, dia izaho sy ny fireneko, mba haringana sy hovanoina ary haripaka; fa raha tãhiny namidy ho andevolahy sy ho andevovavy izahay, dia ho nangina ihany aho; kanefa anie tsy mahonitra ny fatiantoky ny mpanjaka tsinona ilay fahavalo e." Tafintohina mafy Ahaserosy mpanjaka ka nanontany an'i Estera nanao hoe: "Iza moa izany, ary aiza no hisy hasesiky ny fony hanao izany akory?" Dia namaly Estera nanao hoe: "Io Hamana ratsy fanahy io no rafilahy sy fahavalo! Dia raiki-tahotra teo anatrehan'ny mpanjaka sy ny vadin'ny mpanjaka Hamana."⁶²

Tezitra mafy ny mpanjaka ka niala teo ambony latabatra izy ary nivoaka nankeny amin'ny zaridainan'ny lapam-panjakana. Azon'i Hamana tsara fa vita hatreo ny aminy. Nanatona ny mpanjaka vavy izy mba hifona aminy. Rehefa niverina ny mpanjaka dia nahita azy nitanondrika teo amin'ny fandriana nisy an'i Estera. Tafintohina tanteraka ny mpanjaka ka niteny hoe "Tsy vitan'izany fa mikasa hanao an-keriny ny mpanjaka vavy eto anatrehako, ato amin'ny lapam-panjakako izy!"

Vatany vao vitan'ny mpanjaka izany teny izany dia indro ny mpanompony nanarona ny tarehin'i Hamana. Ny iray tamin'ireny antsoina hoe Harbona niteny tamin'ny mpanjaka nanao hoe: "Ry mpanjaka o! Hamana efa nanatsatoka hazo hanatonana an'i Mordekay, ilay lehilahy nilaza teny namonjy ny ainao. Mitsatoka manoloana ny tranon'i Mordekay ilay hazo, 20 metatra ny haavony. Nanome baiko ny mpanjaka nanao hoe: "hatony eo Hamana".

Nahantona teo amin'ny hazo nomaniny ho an'i Mordekay Hamana. Natolotr'i Aserosy an'i Estera avokoa ny fananan'i Hamana rehetra. Nampahafantariny ny mpanjaka fa rainy Mordekay. Nampanantsoin'ny mpanjaka izy ary napetrany amin'ny andraikitra notanan'i Hamana.

Nantsoina ny mpitan-tsoratry ny mpanjaka. Araka ny toromarika nomen'i Mordekay dia nanoratra taratasy tamin'ny Jiosy, tamin'ny solonten'ny mpanjaka, tamin'ny governora sy tamin'ny mpiasam-panjakana ambony rehetra tamin'ireo renivohitra miisa 127 tao amin'ny fanjakana izy ireo. Voasoratra

⁶² Estera 7.3-6

tao amin'ny taratasy fa omen'ny mpanjaka alalana ny Jiosy amin'ny renivohitra rehetra ao amin'ny fanjakany hitambatra mba hiaro ny ain'izy ireo.

Nivoaka ny lapam-panjakana Mordekay nitafy ny fitafiam-panjakana miloko voloparasy sy fotsy ary nitondra fehiloaha volamena. Nanakoako tao amin'ny tananan'ny Soza ny fankalazana sy ny hikampifaliana. Tena fahasambarana tsy nisy toa izany ho an'ny Jiosy izany, hafaliana tsy misy fangarony, fandresena goavana.⁶³

Afaka ny hiseho eo amin'ny fiainantsika sy ny fiainan'ny ankohonantsika ihany koa ny fitsimbadian'ny tantara toy izany! Afaka manafy antsika faharetana, fitoziana ary fahendrena toy ny tao amin'i Estera Ilay Tompo tsy miova. Ny fanambadiana dia fifamatoram-pitiavana izay randranina mandritra ny taona mifandimby. Ho avy ny andro izay hanotazantsika amin'ny fahafenoany izay nafafintsika amin'ny fiainantsika ny maha naman'ny vadintsika antsika eo amin'ny lafiny pratika, moraly ary ara-panahy.

Manoloana ny mpangalatra

Tsy vitan'ny hoe manan-jo hitaky ny lovantsika feno amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, fa tena adidintsika ny manao izany. Ity misy fijoroana ho vavolombelona izay nanokatra ny masoko mahakasika azy ity: nisy vehivavy iray nanambady mpiasam-panjakana sady mpisotro toaka no mahery setra. Sady namitaka azy ampahibemaso ity lehilahy ity no tsy nanome azy izay nilainy intsony. Na ireo zanany aza dia niala tamin'ity renim-pianakaviana ity ary nilentika tao anatin'ny ditra. Rehefa nahatsiaro tena ho tena irery izy tao anatin'izany fikorotanana sy faharavana izany dia nitodika tamin'Andriamanitra izy ary nanomboka nivavaka ho an'ny ankohonany.

In-dray alina, tao amin'ny nofy dia nahita ny Tompo izy nanao taminy hoe: "Tena nivavaka mafy ianao ka izaho mihitsy no tonga hanafaka anao". Avy eo izy dia nandre feo sady mafy no mikirintsana nikikikia hoe: "Aza mivavaka intsony! Ajanony! Aza mivavaka intsony!" Nitaraina taminy ireo devoly izay nandrotika ny ankohonany. Tamin'izay indrindra dia nahita kitapo kely fasiana fanalahidy izy nilatsaka teo amin'ny tongony. Hoy ny Tompo taminy: "Raiso io!" Nanoloana azy nisy varavarana nihidy maromaro. Niteny taminy tamim-pahefana, ilay feo teo ihany ka nanome baiko azy hamoha ireo varavarana. Tao amin'ny efitra voalohany nisy akanjo tsara maromaro; tsy azony izay hevitr'izany. Jesosy kosa niteny taminy nanao hoe: "Raiso fa aza mihafahafa mihitsy, ireo ny fitahiana izay nomaniko ho anao sy ny ankohonanao saingy nangalarin'ny fahavalo." Tao amin'ny efitra faharoa nisy diplaoma isan-karazany sy fisondrotana eo amin'ny sehatry ny asa. Hoy indray ny Tompo: "Raiso, ireo no ho avy izay nomaniko ho an'ny zanakao, saingy nosakanan'ny fahavalo." Mbola nisy harena miafina maro hafa tao ambadik'ireo varavarana, ary narahina fanamarihana mitovy amin'ny teo aloha hatrany.

Ny zava-dehibe indrindra nanamarika ny fijoriany ho vavolombelona dia ny fiovam-pon'ny vadiny. Taoriany dia tonga tamin'ny finoana avokoa ny ankohonany manontolo. Nibata fandresena feno ny fivavahany ho an'ny hafa, ny ady natrehany tamin'ny finoana. Rehefa nafahana tamin'ny fanandevozan'ny tahotra izy dia nandray ny lovany amin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy: "Minoa an'i Jesosy Tompo dia ho vonjena ianao sy ny ankohonanao."⁶⁴ "Dia hataon'i Jehovah ho lohany ianao, fa tsy ho rambony; ary ho ambony tokoa ianao, fa tsy ho ambony, raha mihaino ny didin'i Jehovah Andriamanitrao, izay andidiako anao anio, ka mitandrina sy manaraka azy."⁶⁵

Raha tena an'Andriamanitra feno ny fiainantsika dia ho fifaliantsika ny hanao ny sitrapony ary hanana ny fahefana rehetra ilaina hangakataka manoloana ny mpangalatra ireo fitahiana lovantika isika.⁶⁶

Fahafahana feno!

⁶³ Jereo ny Estera 8

⁶⁴ Asa 16.31

⁶⁵ Detoronomia 28.13

⁶⁶ Detoronomia 28

Nandray tamin-kafanam-po ireo andraikitra goavana noraisiny teo anivon'ny fiangonany ireto loholona mpivady. Saingy sasatry ny mifamaly izy ireo, hany ka tsy maintsy nangataka ny fanampian'ny mpanolontsaina.

Teo am-piresahana tamin'izy ireo no nahalalan'ny mpiandry azy ireo fa nivoaka avy amin'ny ankohonana rotiky ny fiarahana ivelan'ny fanambadiana ravehivavy. Efa bevohoka ny reniny tamin'izy niroso tamin'ny fanambadiana, niaina zavatra toy izany ihany koa ny renibeny, ireo nenitoany sy rahavaviny ihany koa. Rehefa nanontaniana mahakasika ny fiainany nialoha ny fanambadiana izy dia nilaza fa tsy mbola bevohoka tamin'ny mariaziny. Saingy rehefa nohalalinina ity resaka manahirana ity dia azon'ilay mpanolo-tsaina fa nanao firaisana ara-nofy izy ireo nandritra ny fifamfoany. Nitarika fahadisoam-panantenana sy fangidiana goavana tao aminy izany ary zary lasa sady nanafika azy no nanafika ny vadiny ilay fahadisoam-panantenana sy fangidiana. Mba nanantena fatratra izy fa ilay akanjo fotsy izay hanaovany mandritra ny marizay dia ho mariky ny fahadiovany! Saingy lavo izy: tsy misy maha-samihafa azy amin'ireo fianakaviany izay nohamavoiny nandritra ny fotoana ela. Noho ny ratrany dia niaina fiainana feno fikomiana mangina nandritra ny taona maro izy.

Noraisin'ilay mpitandrina manokana ny vadiny mba hampiana hahatakatra ny halalin'ny fahasorenana mahazo ny vadiny. Na dia nandray anjara feno aza izy tamin'izay niseho, tao anatiny tao dia nahatsapa tena ho natao fitaovana sy nolotoina izy tamin'ny firaisana ivelan'ny fanambadiana. Noho izany dia mila mangataka famelana amin'ny vadiny ralehilahy raha tiany ny hahitan'ny tokantranony fahasitrana.

Rehefa nanao izany izy dia nilavo lefona ny fahatezerana sy ny lolom-po miaina tao amin'ny vadiny. Nahakasika azy manokana ny dingana feno fahatsoram-po nataon'ny vadiny. Anjarany kosa indray no nandini-tena, ary niaiky ny fanaovany tsinontsinona ny vadiny sy ny fandavany ny fahefany ka nangataka famelana tamin'ny.

Tahaka an'i Daniela⁶⁷ dia niaiky ny fahadisoany sy ny fahadisoan'ireo ray aman-dreniny izy ireo ary nangataka ny fanasitrana ny tokantranony sy fitahiana ho an'ireo taranany. Saingy tsy nijanona teo amin'izany lalana tsara izany izy ireo, fa rehefa niaiky ny fahadisoany izy ireo sady namitrana ny fihavanany dia namotika ireo fatoran'ireo lova maloto tamin'ny anara-maherin'i Jesosy Kristy ary nandrava ny fiatraikan'izany teo amin'izy ireo sy teo amin'ny zanany: ⁶⁸“Nahafahan'izy ireo namerina tamin'ny laoniny ny finamàny sy hanao fiaingana vaovao io fandraisam-pahefana io.

Mitily ireo ozona ara-pianakaviana

Tamin'ny asako amin'ny maha mpiasa ara-tsosialy ahy dia hitako fa ireo “olana ara-tsosialy” matetika miseho eo amin'ny taranaka mifandimby, rehefa jerena mankany aoriana ny tantaram-pirazanan'ny fianakaviana iray dia matetika ahitana “lova” mitovy eo amin'ny ray aman-dreny sy ireo raibe sy renibe: asan'ny maizina, fimamoana, herisetra, tsy tafavoaka amin'ny fahantrana, fanolanan-jaza na herisetra atao amin'ny ankizy. Rehefa miseho eo amin'ny fianakaviana nandritra ny taranaka maro ireo faharatsiana ireo dia mila ekena sy tapahana ny ziogany.

Ny tantaran'ny fijangajangan'i Davida mpanjaka tamin'i Batseba dia tena manankarena fampianarana amin'ity lafin-javatra ity. Nandry tamin'ny vadin'ny iray tamin'ny manam-boninahitra miaramilany Davida ary dia nitoe-jaza ravehivavy. Nanao ny fomba rehetra hanafenana ny zava-doza nataony Davida. Saingy tsy nahomby avokoa ny hafetsifetseny rehetra. Tapakevitra izy ny hamono ilay vady ratsy vintana amin'ny fanafenana ilay heloka ho toy ny zava-misy amin'ny sehatry ny ady. Tafatsofoka tao amin'ny ankohonan'ny mpanjaka noho izany ny fijangajanganana sy ny vonoan'olona ary nanapoizina ny taranany. Tsy velona ilay zaza vokatr'io firaisana tao anaty fijangajanganana io.⁶⁹

⁶⁷ Daniela 9.3-20

⁶⁸ Matio 18.18

⁶⁹ 2 Samoela 11.4, 2 Samoela 12.14-28

Taorian'izay, Absaloma ilay zanaka lahy irain'ny mpanjaka nikomy nanohitra ny rainy, vitany hatramin'ny fandriana tamin'ny vadi-tsindranony. Niafara tamin'ny ra latsaka ny fikasany hanongam-panjakana.⁷⁰

Misy vokany eo amin'ny zanantsika ny hetsika ataontsika na tsara na ratsy. Ny fianakaviana tsirairay dia samy manana toetra tsara mampiavaka azy avy toy ny fahalalahan-tanana, ny firaisan-kina na ny toe-tsaina mahay manao fandraharahana. Indrisy fa ny tsirairay ihany koa dia manana ny fahalemeny ary indraindray mampivelatra toetra ratsy toy ny lainga, halatra, herisetra, fitiavam-bola... Ny sasany toa voageja ao anatin'ny fisaraham-panambadiana tsy misy farany, faharefoana ara-pahasalama, olana ara-bola tsy misy fiarany eny mety ho loza miverimberina aza. Mazava ho azy fa tsy toy ny anjara tsy azo idovirana izany, saingy rehefa tafiditra ao amin'ny fianakaviana ny asan'ny maizina na faharatsiana hafa dia ireo taranaka tsy manan-tsiny no mety ho voapoiziny. Tokony handrisika antsika handamina ireo fomba fiaina ratsintsika rehetra izany mba tsy hahatratra ny zanantsika. Ireo izay niala tamin'ny otan'ny fianakaviana mba hiaina fiainana araka an'Andriamanitra dia afaka mitaky ilay fampanantenana tsy voasanda vola dia ny ho voatahy hatramin'ny taranaka arivo mandimby!⁷¹

Tsaroko ilay tanora afrikana iray avy any Burkina-Faso antsoina hoe Antoinette. Avy amin'ny foko mampirafy izy. Naka vady faharoa izay tsy ela dia naka ny toeran'ny reniny ny rainy. Nampahoriana fatratra ity farany ka voatery nandositra ny tokantranony. Nilaozany teo ambany ziozan'ity renikely Antoinette zanany vavy vao 8 taona. Nankahalainy fatratra ilay zaza. In-dray andro, tao anatin'ny fahatezerana mafy izy ka nozoniny ilay zazavavy kely, nambarany fa tsy hanambady mihitsy izy ary ho "vady laharana faharoa" Rehefa tonga zatovovavy Antoinette dia nahatsikaritra fa olona efa manambady hatrany tokoa no liana taminy! Leo ny fandosirana ireo fandresen-dahatra nahazo azy tsy tapaka izy ka nanapakevitra ny hiaraka amin'ny iray amin'ireo lehilahy efa manambady.

Taona maro taty aoriana dia niova fo izy. Tamin'ny famakiana ny Baiboly no nahalalany fa tsy mifanaraka amin'ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny zanany ny zava-misy niainany, tsy mifanaraka amin'ny sitrapony ihany koa na ny fampahoriana na ny fandozana izay nahazo azy. Niaina tamin'ny fijangajangana izy, ary rotidrotiky ny fankahalana, ny hasarota-piaro ary ny tahotra ny rafiny ihany koa: tapi-dalan-kaleha tanteraka! Tsy vitan'izany fa nitondra ny fianakaviany ho eo ambany fanapahan'ny fanahy ratsy ny fanompoan-tsampy nataon'izy ireo.

Nisafidy ny hitodika tanteraka amin'Andriamanitra izy. Tamin'ny alalan'ny vavaka no namotehany ny herin'ny ozona nambara taminy. Taorian'izany dia tamin'ny fahasahiana no nandraisany fanapahankevitra hisaraka tamin'ilay olona niaraka taminy. Tsy nisy nahazo izany safidy izany na ny fianakaviany na ny namany ary nolazaina ho olona very saina izy.

Saingy safononoky ny hafaliana ny fony noho ny sorona rehetra nataony: sambany vao mba natory tamim-pitsaharana izy. Feno fanoloran-tena eo anivon'ny fiangonana misy azy izy ankehitriny. Rehefa nafahana tamin'ny "soa toavina" mampahory mahakasika ny lasany izy ka vonona ny hanorina tokantrano sambatra kosa nakehitriny.

Manaova fanadihadiana mahakasika anao manokana

Ny zava-maniry rehetra dia mamoaka zava-maniry mitovy karazana aminy. Fantatry ny rehetra fa izay nianiana fa tsy hisotro toaka mihitsy, satria nijaly loatra izy tamin'ny fahazazany noho ny rainy nisotro, dia mety hiroboka amin'ny alikaola taona vitsivitsy aty aoriana ary hampijaly ny vadiny sy ny zanany. Toy izany ihany koa ilay zazavavy kely nolavin'ny reniny rehefa tonga olon-dehibe dia matetika manana fankahalana tsy voafehy manoloana ny zanaka naterany. Ilay niharam-boina indray no lasa mpampijaly.

Ity toetra *manaranaka* ity dia manana faka *ara-panahy* fa tsy resaka ara-moraly na ara-psikolojika fotsiny. Hatramin'ny fahalavoan'i Adama dia eo ambany fanoheran'ny fanjakan'i Satana ny fanjakan'Andriamanitra. Samy manana safidy na hankato an'Andriamanitra na tsy hankato Azy ny

⁷⁰ 2 Samoela 16.22, 2 Samoela 18.15

⁷¹ Eksodosy 20.5-6

tsirairay. Izay mikomy dia manolotra ny tenany ho eo ambany fanapahan'i Satana. Saingy azo atao ny mivoaka amin'izany amin'ny alalan'ny fepetra roa dia ny fibebehana sy ny fanadiovana.

Ny fibebahana mazava ho azy dia fanenenana noho ny ratsy natao, nefa koa arahina fanapahan-kevitra mazava ny hiverina amin'Andriamanitra mba handray ny fiainana avy aminy sy hankato Azy.

Ny dingana faharoa dia fiainana ilay *fanadiovana anaty*. Tena sarobidy ny fanampian'ny mpanolotsaina ara-panahy. Tsy inona izy ity fa fanesorana izay mety ho endrika fanompoan-tsampy rehetra: fifikirana diso tafahoatra amin'ny zavatra materialy, famotehana ireo zavatra rehetra misy ifandraisany amin'ny asan'ny maizina...

Rehefa vita ireo dingana roa ireo dia tsara ny mamantatra ireo zavatra *nolovaina avy amin'ny fianakaviana*. Tian'i Daniela ny hahita ny fanafahana ny vahoakany izay niaina fahababoana. Rehefa naka ny toeran'ny mpiray firenena aminy izay dia tsy niahotra niaky ny fahotan'izy ireo. Te-hanala ireo sakana rehetra izay manakana ny azy tsy hiaina ny fahafahana izy. In-drainy andro any dia tsy maintsy mila olona hiaiky ny fahotana vita mba hanombohan'ny dingan'ny fanarenana, mety ho ianao io olona fanalahidy io!

Raha nanaraka ireny fikambanana sekta na ireny vondrona manao asan'ny maizina ireny ny taranakao dia mila ekenao ireny fahadisoana ireny ary ialana amin'ny anaran'i Jesosy izay mety ho fiatraikany entiny. Jereo avokoa ireo teboka manan-danja rehetra amin'ity lova natao hlavina ity. Mety ilaina ny manontany ireo dadatoa na nenitao na dadabe sy bebe ny amin'ny zavatra niainan'ny fianakaviana.

- Misy aretina miseho eo amin'ny taranaka mifandimby ve? Moa misy fahafatesana tsy aradalana sy miverimberina? Ohatra fahafatesana mahazo hatrany ireo izay mbola tanora?
- Mifanara-tsaina ve ny mpivady sa ny mifanohitra amin'izay, fa potehin'ny fisarahana tsy misy farany.
- Miorina amin'ny fiarahana ara-dalana sa tsy ara-dalana ny tokantrano ao amin'ny fianakavianareo?
- Ahoana ny fiainanao ny sehatry ny filaminana ara-tsosialy?
- Tafita amin'ny fianarany ve ny ankizy? Mahita toerana sahaza azy ve izy ireo eo amin'ny sehatry ny asa?
- Inona no fahefana ara-panahy nantsoina teo amin'ny taranaka teo aloha? Inona no zavatra ninoan'izy ireo? Nisy tamin'ny fianakavianao ve nanatona dadarabe na mpitaiza mampiahiahy?

Rehefa nandinika aho dia hitako fa ny vehivavy rehetra avy amin'ny fianakaviana avy amin'ny reniko dia maty vady tanora avokoa. Ny reniko irery ihany no tsy tratan'izany vitan-dratsy izany, saingy maty tratan'ny loza tsy nampoizina izy tamin'ny faha 42 taonany. Vao maika tena nahavariana izany satria izy no faravavy tamin'ireo mpiray tampo aminy. Tapitra teo aminy ny anarana nampitain'ny ray amandreniny tamin'izy ireo. Nanaraka fombafombam-pivavahana izy ireo teo anivon'ny fianakaviana saingy tsy nisy finoana velona. Na izaho aza dia tratry ny tahotra ny ho maty vady nanomboka tamin'ny faha 40 taonako. Tonga saina ny amin'ny lova nampitain'ny fianakaviana aho. Nolaviko tamin'ny anaran'i Jesosy io lova mahakasika ny fahafatesana aloha loatra io ary nangataka taona maro hiainana amin'ny fomba ara-dalana ho an'ny vadiko aho, araka ny teny fampanantenana omena izay matahotra an'Andriamanitra manao hoe: "Ny fahatahorana an'i Jehovah no mahela velona..."⁷² Ankehitriny dia misaotra ny Tompo aho ny amin'ireo taona maro nitehirizany anay roa sy noho ny fahasalamana nomeny.

Na toa inona na toa inona ny vesatry ny lasa dia azo atao hatrany ny manavotra azy. Azo atao ny mamotika ireo fiatraikany ratsy eo amin'ny fiainantsika ankehitriny sy eo amin'ny zanatsika. Lavo ny lova "voapoizina" ary angataho ny fitahiana ampanantenaina izay tia an'Andriamanitra.

⁷² Ohabolana 10.27

Fizarana fahasivy

Ny famelan-keloka, fototra iorenan'ny tena maha-mpinamana

Rehefa nijery ny fahasarotan'ny famelako heloka aho dia nanontany tena matetika hoe sao dia olona tena mafy fo ary aho... Saingy tamin'ny famakiana ny boky nosoratan'i Karen Mains dia hitako fa "lafa vidy, mangirifiry, ary mitaky ezaka feno faharetana ho an'ny rehetra ny famelan-keloka. Satria ny famelan-keloka dia fiaretana ny fahoriana vokatry ny hetsika ratsy nataon'ny hafa."

Raha tena sahirana mamela heloka ianao dia fantaro fa zavatra ara-dalana izany. Mila miatrika ady isika mba ho afaka hamela heloka. Zary mandrotidrotika sy tena sarotra hatrany izany. Ny zavatra tena tsy ampy amintsika indrindra mba hahafahana mamela heloka dia ny **faniriana hamela**. Aoka ho tsorina ny marina satria amin'ny ankapobeny dia tsy te-hamela heloka isika, satria heverintsika ho tena tsy rariny loatra ny zavatra nahazo antsika.

Fa maninona isika no mila mamela heloka?

Ny tsy famelana heloka dia mamotika antsika eo amin'ny lafiny ara-panahy, ara-moraly ary hamin'ny ara-nofo aza. Tsy mijanona fotsiny amin'izao ny lolom-po sy ny fankahalana fa mampijaly antsika hatrany. Tsy noforonina hiaina ao anaty lolom-po isika. "Tezera, fa aza manota; ary aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo. Aza manome fitoerana ho an'ny devoly."⁷³

Nisy olona izay niteny hoe: "Ilay olona ankahalaiko manaraka ahy hatrany am-pandriana" Inona no tiany hambara? Mandritra ny alina dia mamerimberina ao an-tsaina hatrany hatrany ny ratsy natao tamintsika isika. Ometsika fahefana hanakana antsika tsy hatory ilay nandratra antsika. Mety efa any amin'ny toerana alavitra any ilay olona, eny mety efa maty mihitsy aza angamba. Saingy ilay fangidiana mbola mitohy mikiky antsika andro aman'alina.

Toy ny novonoina sy nopoizinina tamin'ny fahoriana nateraky ny tsy rariny izay tsy haintsika ny mitantana azy ny fahavelomantsika. Toa tsy manana faharisihana hanao n'anon'nona isika, tsy manankery, tsy manana faniriana hanao fandraharahana na amin'nona na amin'nona. Toy ny notsofana hatrany amin'ny fotony ny fahatokiantsika ny hafa. Isan'ny sakana goavana indrindra tsy hiainana fahasambarana ny fandavana ny hamela heloka.

Ny tsy famelana no mety ho anton'ireo fikorontanana eo amin'ny ara-batana toy ny tsy fahazotoan-komana, aretim-bavony, fanaintainan'ny vanin-taolana, na ny aretin'andoha. Mazava ho azy fa tsy voatery ho vokatry ny tsy famelana hatrany ireo aretina ireo; fa ny fandinihan-tena dia hanampy antsika hamantatra raha iharan'ny voka-dratsy ateraky ny fakan'ny fangidiana isika na tsia.

Ny fahasalamana ara-panahintsika ihany koa dia ho voakasiky ny tsy famelana hatrany. Mampihena ny fiainam-bavaka ataontsika ny lolom-po. Rehefa tezitra isika dia mandeha ho azy ihany koa ny fahatezerana amin'Andriamanitra. Fa nahoana no navelany hahazo antsika izao tsy rariny izao? Toy ny tsy afa-mihetsika ny finoantsika, tsy afaka handray ny teny fampanantenan'Andriamanitra isika satria lasa misalasala ny amin'ny fitiavany. Tratra avokoa ny fiainam-panahintsika rehetra: fiderana, fahatokiana an'Andriamanitra, faniriana hijoro ho vavolombelona. Mihena ny herintsika hanohitra fakampanahy; kivy, mivonto fo isika ka zary lasa te-hiverina amin'ireo sampy taloha na ireo fahotana efa nilaozana efa ela.

Izany no mahatonga an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitiavany hanindry ny maha-zava-dehibe ny famelan-keloka. "Aza manameloka, dia tsy hohelohina ianareo"⁷⁴ Rehefa namela ny heloko Andriamanitra dia tsy mendrika ahy akory izany! Raha tsy naloany trosako dia nanana toerana mendrika

⁷³ Efesiana 4.26-27

⁷⁴ Lioka 6.37

ho ahy any amin'ny helo aho. Namela ahy Izy manoloana ny tsy fahamendrehako ary antsoiny hanao Azy ho ohatra harahina aho.

Ny famelana akory tsy midika ho fanekena izay nambara na natao. Ny famelana tsy midika ho fanitsakitsahana ny fahamarinana: “fa ny fahatezeran'ny olona tsy ahefana izay marina eo imason'Andriamanitra”⁷⁵

Indraindray dia misalasala hamela heloka isika noho ny tahotra sao haratra indray amin'ny ho avy. Fa raha mamela ny heloky ny olona iray izay tsy mibebaka aho, izany tsy manery ahy mihitsy hanaiky ho eo ambany ziogany. Raha naolan'ny dadatoany izay nitaiza azy ny zazavavy iray, ny famelana heloka azy tsy midika velively ho fanerena azy hiverina hiara-monina aminy!⁷⁶ Saingy io famelana io dia manome sehatra an'Andriamanitra hanasitrana azy, ary handefa ny herin'Andriamanitra ho famonjena ilay lehilahy. Afaka atao ny mamela heloka nefa tsy miaina ny fampihavanana, satria miankina amin'ny fahavononan'ny ankilany izany: “Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin'ny olona rehetra.”⁷⁷

Manakana ny fahasoavana ny fandavana tsy hamela ny hafa

Ao amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo, Jesosy dia mampianatra antsika hampivelatra amin'ny fomba mirindra ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa: “Ary mamela ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.”⁷⁸ Azo adika toy izao io vavaka io: “Ray o! jereo ny fomba amelako ny heloky ny rafozako, ny vadiko, ny fahavaloko, ny zanako ary miangavy Anao aho, *ataovy toy izany ihany koa aho.*” Tsy misy tompo sy hala, tsy misy endrika tsy rariny. Misy fanamarihana anampin'i Jesosy azy manao hoe: “Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo.”⁷⁹

Tsy torohevitra tsara fotsiny ihany izany fa fitsipika arahina vokatra. Raha mandà ny hamela heloka aho dia tsy manan-jo hanao fahadisoana aho fa tsy maintsy tanteraka! Enta-mavesatra tsy zaka lanjaina izany! In-draindray andro dia hoy ity jeneraly tamin'ny mpitandrina iray: “Aoka ho fantatrao ramose fa izaho tsy mamela heloka izany mihitsy!” Toy izao no namalian'ilay olon'Andriamanitra azy: “Enga anie jeneraly ka tsy hanao fahadisoana mihitsy ianao.” Asain'i Jesosy hanao ny famelan-keloka ho toy ny fomba fiaina isika: “Aoka ho mpamindra fo ianareo mba ho tahaka ny Rainareo, Mpamindra fo. Ary aza mitsara, dia tsy hotsaraina ianareo; aza manameloka, dia tsy hohelohina ianareo.”⁸⁰

Famelan-keloka, loharanom-pahasitranana

Mazava tsara ny fomba ilazan'ny Ohabolana azy: “Ny mampionona ny rahalahy voaisy ratsy dia sarotra noho ny manafaka vohitra mafy, Ary ny fifandirana aminy dia tahaka ny hidin'ny lapan'ny mpanjaka.”⁸¹ Eo anivon'ny tokantrano ny mpivady indrandray mitovitovy amin'ny olona iray manana banky izay manangona ao amin'ny bankin'ny fitadidiana ireo tsy rariny sy fanalam-baraka. Mijanona ao izy ireo, tsy miova ary velona sy matanjaka tsara. Tsy misy fetra ara-potoana ny fahafahafana mampiasa azy ireo satria na ny zavatra niseho efa ho folo taona na izay vao tamin'ny herin'andro lasa dia samy azo andratrana mafy avokoa. Satria nahoana? Satria tsy mbola voasitrana ilay ratra. Raha tsy nanao ny asany ny famelan-keloka izay toy ny singa mpamono mikraoba mitondra fahasitranana dia mitohy mampahory hatrany ilay ratra.

Ity misy ohatra iray, nisy vehivavy nalemy nangataka tamin'ny mpitandrina azy mba hivavaka ho amin'ny fahasitranany. Tena saro-pady ny toerana misy azy satria miahny zaza maro izy. Ny vadiny

⁷⁵ Jakoba 1.20

⁷⁶ Tokony handray ny sazy mifanaraka amin'ny helony manolona ny manam-pahefana ihany koa izy.

⁷⁷ Romana 12.18

⁷⁸ Matio 6.12

⁷⁹ Matio 6.14-15

⁸⁰ Lioka 6.36-37

⁸¹ Ohabolana 18.19

nandao azy ka niaraka amin'ny vehivavy hafa. Alohan'ny hivavahana dia nangataka tamin'ny vadiny ilay mpitandrina raha efa namela ny heloky ny vadiny izy.

- Azafady! Ka izy anie no nandao ahy e!
- Eny, fa ianao no mijaly, mamela ny helony mba tsy ho sakana amin'ny vavaka ataonao. Hanafaka anao amin'ny fangidiana anaty izay manakana ny fanasitranana anao izany. Latsaka ny ranomasony.
- Tsia, tsy vitako. Izy no diso, raha tsy nandao ahy izy tsy ho toy izao aho.

Lasa izy sady feno fahatokiana ny zony, saingy...voahidy tao anatin'ny fankahalana.

Taty aoriana dia nisaintsaina ny amin'ny fiainan'i Jesosy izy. Niantso tamin'ny feo mahery Izy teo amin'ny hazo fijaliana nanao hoe: "Ray o! Mamela ny helony fa tsy fantany izay ataony". Namela ny helok'ireo izay tsy nangataka ny havela heloka Izy, ireo izay niteny ratsy Azy sy nandrora Azy. Nanapakevitra ramatoa ny hamela ny heloky ny vadiny ary vitany hatramin'ny nanao fifadian-kanina ho azy aza. Fotoana fohy taorian'izay dia feno nenina mafy ralehilahy ka niverina tao an-tokantranony ary nangataka famelana tamin-dramatoa. Niaraka nihaona tamin'ny mpitandrina izy ireo ary notarihin'ny mpitandrina ho amin'i Kristy izy. Ramatoa kosa rehefa naharitra tamin'ny vavaka dia sitrana tanteraka tamin'ny fahalemeny!⁸²

Ny famelan-keloka, loharanon'ny fanafahana

Nandray izao sary izao aho izay nanampy ahy hahatakatra ny herin'ny famelan-keloka. Raha misy tezitra amin'ny olona iray dia toy ny mitsofoka eo anelanelan'Andriamanitra sy ilay nanao fahadisoana izy ka manakana ny fisian'ny fifandraisana. Izany hoe ilay olona meloka dia toy ny ao ambanin'ny alok'ilay mpitory. Ilay nanaovana ny tsy mety mijoro tarafin'ny fahazavan'Andriamanitra, miaraka amin'ny lisitra misy ny fitoriany ary manazava ny fitoriany amin'Andriamanitra. Rehefa mamela heloka izy dia miala ary tsy manakona ilay olo-meloka tsy hahita an'Andriamanitra intsony. Mamela ny Fanahy masina hiasa mivantana amin'ilay olo-meloka izy mba hampiaiky azy ny fahamarina, ny fahotana ary ny fitsarana.

Nisy kristiana vavy iray nenjehin'ny mpiray tanana taminy noho ny finoany ary nisafidy ny hamela ny helok'izy ireo. Rehefa nitsahatra tsy nangataka an'Andriamanitra ny hitsara azy ireo izy dia nilatsaka tao amin'ilay tanana ny herin'ny Fanahy Masina mitondra fandresen-dahatra, vokany dia nisy fiovam-po maro niseho tao. Araka izay ambaran'ny Tompo manao hoe: "Fa tsy sitrako ny fahafatesan'iza n'iza, hoy Jehovah Tompo. Koa mibebaha ianareo mba ho velona."⁸³

Nanana fahazarana ratsy ny mpitandrina ity fiangonana tena mandroso iray satria mora latsaka ao amin'ny fahatezerana mirehitra izy. Nitondra voka-dratsy tao amin'ny fiangonany izany ka maro ireo mpikambana no niala. Nihevitra izy fa tsy fahadisoany velively izany. Fa angaha moa tsy nanana izany toetra izany ihany koa ny rainy sy ny raibeny? Saingy rehefa nandao azy ny antsasaky ny loholona izay izy vao resy lahatra fa tonga ny fotoana tokony hiovanany.

Saingy tsy nisy afaka nanafaka azy na ny vavaka na ny fifadian-kanina nataony. In-drainy andro dia niteny tamin'ny vadiny mahakasika izany Andriamanitra. Nikorontana tanteraka ny sainy ka nangataka famelana taminy izy noho ny fangidiana anaty izay nokolokoloiny mahakasika ny vadiny noho ny fahatezerany. Teo hono eo ihany dia afaka tanteraka ilay mpitandrina!

Nampisy fanalana sakana ara-panahy goavana ny fibebahan-dralehilahy sy ny famelan-keloka nataon-dravehivavy. Mahavita mifehy ny tenany izy ankehitriny. Na ny tokantranony na ny fiangonany dia samy nahitana fivelarana vaovao avokoa.

Ny zanantsika sy ny famelan-keloka...

⁸² Ohatra notsoahina tao amin'ny boky nosoratan'i Y. Cho, edisiona Vida, P. 148 mitondra ny lohateny hoe "La prière: clé de réveil.

⁸³ Ezekiela 18.32

Diso fanantenana tanteraka ity renim-pianakaviana mbola tanora iray rehefa nahalala fa ny vadiny izay azo lazaina ho nazoto tamin'ny fanarahana ireo fihaonana teo anivon'ny fiangonana dia nandao azy ka niaraka amin'ny mpitantsoatratany. Rehefa nidona taminy izany fahoriana izany dia tsy nahavita nizara tamin'iza n'iza izy. Zary lasa henatra lehibe ho azy ny nahatonga azy ho isan'ireo vehivavy voafitaka. Inona no nataony ka nahatonga izao aminy?

Rehefa namerina namaky ny Salamo izy dia nanapakevitra ny hametraka ny fahatokiany amin'Andriamanitra na inon-kidona na inon-kihatra. Mba hamelombelomana ny finoany izay efa nihanalemy dia hira fiderana no anombohany ny fotoana atokany ho an'Andriamanitra. Lasa ny roa herin'andro...mbola tena nahatsiaro tena ho ory sy mahantra izy. In-drainy maraina dia nameno ny fanahiny ny fahazoana antoka ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra azy; toy ny nisy tanana nisintona azy hiala tao amin'ny fahakiviany. Resy lahatra izy fa tokony hamela ny heloky ny vadiny. Tsy mora anefa izany, saingy nisafidy ny hiroso izy ka nangataka ny Tompo mba hametraka ao aminy ny famelan-kelony. Nandray fitiavana vaovao hoentina mitia ny vadiny izy.

Raha izy tonga hijery ny zanany iny dia nanolo-kevitra azy ramatoa ny hamerenana indray ny fiombonam-piainan'izy ireo. Nandà anefa ralehilahy ka nilaza fa efa manana fiainana vaovao izy ankehitriny. Nandrotika ny fony izany. Fa nahoana Andriamanitra no nanome azy fitiavana vaovao raha tsy misy tohiny azo antenaina?

Saingy rehefa nieritreritra izy dia nahita fiovana goavana teo aminy. Feno fiadanana ny fony. Vita hatreo ny tsy fahitan-tory izay nampahoriany ny tenany hahalala izay mety ho fahadisoany. Tsy nisy tahotra intsony! Tsy misy fanamelohan-tena intsony! Na mihoana amin'ny vadiny aza izy rehefa mankany an-tanan-dehibe dia tsy ampahorian'ny fangirifiriana intsony, tena fahagagana izany.

Nisaotra ny Tompo izy noho izany fanafahana izany ary nangataka taminy raha mbola misy dingana tokony hataony. Tonga tao aminy ny fisainana mahakasika ny rafozany. Nanome tsiny azy ireo izy satria niandany tamin'ny zanany izy ireo. Dia mbola namela heloka indray izy. Tsy tapitra hatreo anefa satria nisy fahoriana nahazo azy manoloana ny zanany, toy ny manosika azy ireo hiditra ao amin'ny *tranon'ny famelan-keloka* ihany koa Andriamanitra. Nazavainy tamin'izy ireo fa tsy miara-mipetraka amin'izy ireo intsony dada satria vitan'ny devoly ny namitaka azy sy nangalatra ny fony. Vonona ve izy ireo ny hamela ny helony? Nitomany ilay zokiny vavy 6 taona... ary nivavaka nanao hoe: "Jesosy o! mandehana mba teneno amin'ny dadanay fa mbola tiako foana izy!" Tsy ho afaka nampiditra ny zanany tao amin'ny *tranon'ny famelan-keloka* velively ity renim-pianakaviana ity raha izy aza tsy niditra. Tsy niverina dada saingy nitombo tsy nisy fangidiana anaty ny ankizy ary nanomana ny ho aviny eo ambonin'ny fototra azo antoka.

Tsara ho fantatra, fa ny zava-dehibe tsy ny *fahafahana* mamela heloka fa ny *fahavolonana* hamela. Rehefa mazava fa izay mamela heloka no mandray tombontsoa voalohany indrindra dia ho mora dia mora ny dingana manaraka. Tompo o! tsy vitako ny mamela heloka, fa tiako ny hamela heloka. Miangavy Anao aho ny hanampy ahy, apetraho ao am-poko *ny famelan-keloka*.

Mivoaka avy ao amin'ny sitrapontsika fa tsy avy amin'ny fihetseham-po ny famelan-keloka, safidy atao izany. Loharanon'ny fanafahana, famonjena, fanasitranana ary fiainam-bavaka feno fandresena ny famelan-keloka. Mba hahafahana miaina azy dia mila manana finiavana sy mangataka ny fanampian'Andriamanitra. Hitarika antsika hivavaka ho an'ny fahavalontsika lzy, hitsodrano azy ireny, eny hanao soa azy ireny aza.

Ny fihetseham-po dia manaraka ny safidy ataontsika fa tsy mialoha azy. Rehefa manoloana ny familian'ny fiarantsika isika dia isika no misafidy ny toerana aleha. Ny motera tsy manao afa-tsy ny mampikisaka ny fiara. Toy izany ihany koa, raha vonona ny hamela heloka ianao, ny herin'Andriamanitra dia hanohana anao hizotra amin'ny lalana tsara. Raha ny mifanohitra amin'izany kosa no miseho dia hataon'ny fahavalo izay hampangotraka ny fangidiana rehetra ilaina mba handetehana antsika ao amin'ny fankahalana mihalalina hatrany hatrany. Saingy amin'ireo fisehoan-javatra roa ireo *ny fihetseham-po* dia hanaraka hatrany ny safidintsika.

Na izany aza anefa, rehefa avy namela heloka isika dia mety mbola hisy fahatezerana tampoka hiseho ka hampiroro saina antsika: “Tena namela heloka marina ve aho? Eny, tena namela ianao. Koa avy aiza indray ary ity fahatezerana ity? Mila fotoana ny fialan’ny fihetseham-po feno fangidiana. Ny famelan-keloka dia toy ny fanafody mpamono ahi-dratsy izay manafongana hatramin’ny fakany ny ahi-dratsy rehetra. Tsy tonga dia malazo avy hatrany anefa ny ahi-dratsy rehefa asiana azy. Miorena tsara, avereno amin’ny toerany hatrany ny famelan-keloka nataontsika fa hanjavona tsikelikely ireny fioavaovan’ny fihetseham-po ireny.

Tsaroako seminera mahakasika ny fanambadiana izay natrehanay mivady nandritra ny faran’ny herinandro manontolo. Nadilo mihitsy ny sofinay ny amin’ireo andraikitra ifanaovan’ny mpivady. Nampiharihary ny kilemanay ireo lisitra tonga lafatra...Nahatsiaro ho tena maty antoka sy ketraka aho rehefa nivoaka raha natoky tena sy nanana fijery tsara aho tamin’ny vao niditra!

Saingy alohan’ny hamaranana dia nasaina nanao enti-mody pratika izahay: nasaina nanoratra taratasy tamin’ny vadiny avy izahay izay samy hanehoan’ny tsirairay izay ankasitrahany eo amin’ny ankilany. Hitako noho izany izay nampifanatona anay ary tsapakao fa tena mifameno izahay. Ny heriko nahafahanako nampahery ny vadiko. Ny fahatsarana eo aminy namonjy ahy tamin’ny fahalemeko. Nisy fifampizarana mandeha ho azy izay nitondra fifaliana be teo aminay.

Arakaraka ny hadrosoan’ny taona no hahalalana tsaratsara kokoa hatrany ny ankilany, ary dia ho afaka ny hanohana azy misimisy kokoa hatrany. Raha tsy teo ny fampaherezan’ny vadiko, ny faharetany dia tsy ho afaka hanoratra ity boky ity mihitsy aho, satria ny fahaizana manao planina, ny faharetana tsy mba isan’ny zavatra ananako! Te-hisaotra azy aho tamin’ny nampaherezany ahy matetika, tamin’ny nanampiany ahy sy ny nanaitairany ahy.

Manokana ny safidy hitia amin’ny fomba vaovao, tsy misy afaka hanao izany amin’ny toerantsika. Mitondra vokatra eo amin’ny fiainantsika, eo amin’ny zanatsika ary indrindra indrindra eo amin’ny vadintsika izany fanapahan-kevitra izany. Eo am-pihainonana ireo vehivavy izay efa nanoloana hantsana lalina, saingy afaka ny nanakana ny fianjerana dia azo tsara ny maha-zava-vehibe ny fiatrehana ny ady ho an’ny tokantranon’ny tena mba handresen’ny finamàna amin’ny famelana an’Andriamanitra ho llay mpanao mari-trano feno fahendrena.

Taratasy ho an'ny mpamaky

Ry mpamaky hajaina,

Ny antony nanoratako ity boky ity dia noho ireo seminera maro izay nandrenesako ny mpikarakara nanontany ahy tsindraindray raha voarakitra an-tsoratra ny fampianarako.

Ireny fampianarana ireny ihany koa dia niafara tamin'ny fifampiresahana manokana maro izay naneho fa tena mila voatafy fahendrena sy fitiavana ny vehivavy mba hanorenany ny ankohonany.

Noho izany raha misy mahaliana ny vehivavy ao amin'ny faritra misy anareo ny lohahevitra voalaza dia fifaliana ho ahy ny hamaly ny fanasanareo ho avy hanao seminera na kaonferansa. Tena fifaliana ny mifampizara amin'ireo izay maniry ny hanana fifandraisana akaiky sy marina kokoa amin'ny vadiny.

Raha liana ianao dia afaka ny mifandray amiko amin'ny fandefasana taratasy amin'ity adiresy ity: Montolieu 79, 1010 Lausanne, Suisse.

An-tsitrabo no hamaliako ny fanasana, eny fa na dia tsy ho afaka hanolo-tena hiandraikitra fifandraisana manokana na fifampiresahana mitokana aza aho.

Ny faniriako ho an'ny tsirairay aminareo dia ny hahafahanareo miaina 100 isan-jato izay nomanin'Andriamanitra fony lzy nahary ny mpivady tamin'ny alalan'ny olombelona roa tena samihafa... nefa tena mifameno.

Michèle Brugnoli.

Fonon'ny boky

Efa ho roapolo taona mahery no niasan'i Michèle Brugnoli teo anilan'ny vadiny tao amin'ny Tanora Mpanefa iraka. Nanao ny fanompoana maha evanjelista sy mpampianatra teo anivon'ny vehivavy sy ny ankizy izy. Fiofanana mahakasika ny mpiasa ara-tsosialy no nataony, ary niofana mahakasika ny fanampiana ny olona mandalo olana ihany koa izy.

Nandritra ireo dia misionera tany Afrika sy tany Eropà dia nihaino ireo vehivavy avy amin'ny kolontsaina sy fomba fitaizana karazany maro, izay nikatsaka ihany koa fifandraisana lalina kokoa hatrany amin'ny vadiny i Michèle Brugnoli. Ahoana no hiainana indray ilay afon'ny fitiavana voalohany? Ahoana no atao amin'ny vady izay zara fa miresaka amin'ny tena? Inona no toeran'ny vehivavy eo anivon'ny tokantrano raha ny fijerin'Andriamanitra? Amin'izao vanim-potoana manakaiky ny arivo taona faha-telo izao, moa mbola ilaina ve sa efa nilaozan'ny toetr'andro ny fanekena ny vady?

Ho famaliana ireo fanontaniana ireo dia noraiketiny an-tsoratra ireo fitsipika nianarany, nampihariny ary nampianariny. Tamin'ny alalan'ny fitaomana antsika hanaraka ny dian'ny vehivavy feno fitiavana tahaka an'i Estera dia omeny antsika ny fanalahidy ho fahatakarana sy hitiavana ilay olombelona feno misitery sy hafa loatra dia ny lehilahy izany!

Metỳ hitondra soa ho an'ny lehilahy ihany koa ity asa soratra ity.